Ny Fanavotana
Amin'ny Alàlan'ny Hery

Misaotra anao, am-pahatsaram-panahy. Manao ahoana, ry sakaiza. Tombontsoa ny tonga eto izao hariva izao, mba hiresaka aminareo indray amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika. Ary tombontsoa foana ny mihaona amin'ny vahoakan'Andriamanitra, na aiza na aiza, ka miresaka ny amin'izany Anarana lehibe izany, Jesosy.

2 Ankasitrahako tokoa ilay hira izay vao avy nohirain'ny rahalahintsika. Izany, izany no tiako indrindra. Amin'ny andro izay iezahan'izy ireo manao an'i Jesosy ho mpaminany tsotra iray, na lehilahy tsara iray, na mpampianatra iray, dia izany marina tokoa no mamoaka ny Maha-Andriamanitra Azy, izay naha-izy Azy. Ary mino aho fa Izy dia . . .

3 Tsy nisy Anankiray tahaka Azy mihitsy, teto an-tany, tsy hisy mihitsy. Izy no Imanoela. Izy no Alfa, Omega; ny fiandohana sy ny fiafarana; Izy izay nisy, izay misy, ary ho avy; ny Faka sy Solofon'i Davida; ilay Kintan'ny Maraina. Tao Aminy no nonina ny Maha-Andriamanitra. Tao Aminy no nisy an'Andriamanitra.

4 "Andriamanitra dia tao amin'Ny Zanany, tao amin'i Kristy, nampihavana an'izao tontolo izao tamin'ny Tenany." Hoy Jesosy hoe, "Tsy Izaho no manao an'ireo asa, fa Ny Raiko izay monina ato Amiko. Izaho sy Ny Raiko dia iray," Andriamanitra tonga voaseho, tao amin'ny nofo. Fanambarana mahafinaritra an'ny fitiavan'Andriamanitra toy ny inona ho antsika, naneho ny Tenany Izy ka nidina ary nonina tao amin'ny nofon'olombelona, mba hanaisotra ny fahotana sy ny aretina amin'ny taranak'olombelona, ka nanavotra antsika hiverina amin'ny Ray. Mahafinaritra izany, sa tsy izany? Azo antoka fa mankasitraka an'izany isika.

5 Ankehitriny, omaly hariva, ataoko fa tsy maintsy karazan'ny hiala tsiny aho. Izaho . . . Naka ahy i Billy, haingana kely, omaly hariva, satria ilay izy dia karazan'ny . . . nalemy aho. Fa ireo fivoriana ireo, io famantarana io, ary tsy hisy anankiray hahafantatra mihitsy hoe inona izany, raha tsy ilay izy fotsiny . . . Tsy maintsy miditra ao anatin'izany ianareo, mba hahafantatra azy, hitanareo. Tsy misy fomba iezahana hanazavana an'izany. Tsy misy ny—ny fomba iray izay azonareo anaovana an'izany. Fahatsapana iray fotsiny izany izay—izay tsy misy anankiray mahafantatra, afa-tsy ireo izay mandalo amin'izany irery ihany. Inona no ataon'izany amin'ny

taranak'olombelona, inona no ataon'izany amin'ny olona iray, mamoaka an'ilay tena aina mihitsy ao aminy!

6 Eny, miaina ao anatin'ny tontolo roa ianareo. Ao anatin'ny tontolo iray ianareo *eto,* ary ao anatin'ny tontolo iray ianareo *etsy,* rehefa miaraka amin'ny olon-kafa iray ianareo, angamba dimampolo taona lasa izay; ary mety miaraka amin'ny olona iray ianareo, taona maro manomboka androany, ho avy; kanefa fantatrareo fa mitsangana eto amin'ny lampihazo eto ianareo, ary miresaka zavatra izay nitranga taona maro, maro lasa izay; angamba herinandro maro lasa izay, volana maro lasa izay; firenena iray hafa, toerana iray hafa, na zavatra. Ary avy eo dia miezaka mihazona ny tenanareo hahitsy ianareo, ao amin'izany, ary mieritreritra; teneniko aminareo, tena zavatra iray mihitsy izany. Fa efa nitahy antsika ny Tompo hatreto, tao amin'izany, ka tena faly isika, ary matoky ankehitriny fa hahazo voninahitra avy amin'ny fivoriana Andriamanitra.

7 Ankehitriny, ao amin'ny—ny fivoriana izao hariva izao, nieritreritra aho, raha mbola olona eran'ny tànana kely fotsiny isika, miaraka; eto an-toerana fotsiny ihany no nilazana an'ireo fivoriantsika, ary ho an'ny olona eto an-toerana fotsiny izany. Ary alohan'ny hidirantsika ao amin'ilay ampahany lehibe kokoa an'ireo fivoriana, nieritreritra aho, androany, fa hiezaka aho angamba ny hitondra fampianarana iray amin'ny fanao fahiny, avy ao amin'ny Baiboly, ho an'ny olona; mba rehefa tonga ilay zava-mitranga lehibe, raha mandefa an'izany ho antsika Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia ho afaka hahazo an'ilay izy tsaratsara kokoa isika.

8 Sady izay koa, ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra dia ilay—ilay fandrika eo amin'ny lelam-pintana fotsiny, mba hahazoana an'ilay trondro, araka ny fantatro. Izany dia ilay anankiray fotsiny . . . Mandramby an'ilay fandrika ny trondro ary mitelina an'ilay lelam-pintana. Noho izany ny tena zava-dehibe antsika . . . Ny anankiray faratampony ho antsika dia ity, hoe, ireo fanahy izay azo ho an'i Jesosy Kristy.

9 Raha nanasitrana anareo Andriamanitra izao hariva izao, dia mety harary indray ianareo alohan'ny hahafatesanareo. Mety harary indray ianareo, afaka herintaona manomboka izao, na roa taona manomboka izao; mety harary afaka herinandro manomboka izao, na iray andro manomboka izao. Tsy fantatro. Fa misy zavatra anankiray azo antoka, handao an'ity izao tontolo izao ity ianareo, indray andro any, satria napetapetaka fotsiny ity.

10 Fa raha mba mifandray amin'ny Fanahy Masina io fanahy io ka nateraka indray, dia manana Fiainana Mandrakizay ianareo. Tsy mampaninona izay mitranga eto, tsy levona mihitsy ianareo. Hoy Jesosy hoe, "Izay mandre Ny Teniko, mino Izay naniraka Ahy, no manana," fotoana ankehitriny izany,

"Fiainana mandrakizay, tsy ho tonga amin'ny fanamelohana; fa efa," fotoana lasa, "tafafindra avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Izany no hanao antsika Metodista rehetra ary hanomboka hihiakiaka, (sa tsy izany?) marina izany, ny mieritreritra fa, fa Andriamanitra no efa nanao an'izany. Ankehitriny, tsy teniko izany; Azy izany, Masindahy Jaona 5:24.

11 Masindahy Jaona 6, hoy Jesosy hoe, "Izay mihinana ny Nofoko, sy misotro Ny Ràko, no manana Fiainana mandrakizay; ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany." Marina izany. "Izay mihinana ny Nofoko, sy misotro ny Ràko, no manana," fotoana ankehitriny, "Fiainana mandrakizay." Ankehitriny, io "mandrakizay" io, tsy mandeha fotsiny avy amin'ny fifohazana anankiray mankany amin'ny anankiray hafa izany, fa mandeha manerana ny Mandrakizay.

12 Ary ankehitriny, ho an'ny sasany aminareo mpitoriteny izay mipetraka akaiky, mahafantatra fa io "Fiainana" mandrakizay io dia avy amin'ny teny iray ihany izay midika hoe "Fiainan'Andriamanitra." Ny teny hoe Zoe, teny Grika, izay midika hoe "Fiainan'Andriamanitra Manokana."

13 Noho izany, dia lasa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika, solofon'Andriamanitra, miaraka amin'ny ampahan'ny Fiainan'Andriamanitra ao anatintsika. Tsy afaka ho levona intsony isika tahaka an'Andriamanitra tsy afaka ho levona, raha nanandrana izy. Noho izany, manana Fiainana mandrakizay isika; ary hatsangana amin'ny andro farany. Mahafinaritra ve izany? Izany dia hanao an'ireo Batista, Metodista, hifandray tànana sy hihiakiaka. Sa tsy izany? Azo antoka fa izany. Marina izany.

14 Izany ilay zavatra tsara mikasika ny fivavahana tamin'ny andro fahiny. Manao ny olona rehetra hiara-hipetraka fotsiny izany ary hifankatia. Azo antoka fa manao izany. Manaisotra an'ireo fahasamihafana rehetra, manao olom-baovao. Izany dia hanao ny—ny tuxedo iray, sy salopety iray, hifametraka ny sandriny ka hanao hoe, "Rahalahy, manao ahoana ianao?" Marina izany. Azo antoka fa hanao izany. Izany dia hanao akanjo landy iray, sy calico iray, hametraka ny sandrin'izy ireo manodidina ka hanao hoe, "Rahavavy, tiako ianao." Izany no ataon'ilay izy. Azo antoka fa manao izany, mandrava ny fahasamihafana fotsiny. "Manan-karena na mahantra, andevo na afaka, iray isika rehetra ao amin'i Kristy Jesosy."

15 Tamin'ny Alahady, tany amin'ny tabernakla, satria hitako fa misy vondron'olon'ny tabernakla iray manontolo mipetraka eto, izahay dia nanana—izahay dia nanana ny—ny lesona sekoly Alahady iray mikasika, "ny fanavotana amin'ny alàlan'ny rà." Ary tena lasa tafiditra tao anatin'izany aho, hany ka tsapako toy ny hoe mbola ao anatin'ny toerana iray hafa any ho any foana aho, mikasika: *Ny Fanavotana Amin'Ny Alàlan'Ny Rà*.

16 Ary izao hariva izao, rehefa avy niainga ny fianakaviana ka tonga teto aloha be, mba ho afaka handre ny fotoan'ny hira, sy ny sisa, dia tao anatin'ny efitra aho. Ary toy ny hoe . . . Nanomboka namaky tao amin'ny Soratra aho, ary nahita zavatra. Nieritreritra aho hoe, "Eny, raha sitraky ny Tompo, dia hiresaka vetivety fotsiny eo amin'izany aho izao hariva izao."

17 Izany dia, *Ny Fanavotana Amin'Ny Alàlan'Ny Rà,* tamin'ny Alahady. Ankehitriny, izao hariva izao, dia hiresaka aho eo amin'ny *Ny Fanavotana Amin'Ny Alàlan'Ny Hery.* Ary rahampitso hariva aho dia hiresaka eo amin'ny *Ny Fanavotana Ao Amin'Ny Fahafenoana,* (raha sitrak'Andriamanitra, dia izany ilay izy), *Amin'Ny Fifaliana.* Amin'ny rà, amin'ny hery, ary amin'ny fifaliana; ny fanavotana!

18 Ary mba amoahana an'ity . . . Ankehitriny, olona maro, tahaka an'ireo mahay tsara, nianatra no mahafantatra hoe ahoana no hamahavahana sy hanomezana an'ireto karazana fanambarana ireto, angamba, ho an'*ity,* na *itsy,* na hanariana ny sasany. Fa, izaho, izaho dia somary anankiray amin'ireto karazana mpitory teny tsy mahay mamaky teny sy manoratra eto ireto izay . . . Ny zavatra tokana izay fantatro hatao, mba ahazoana antoka fa saiky manakaiky ny marina aho, na ahoana na ahoana, dia ny mandeha mankeo amin'ireo aloka. Raha nanomboka nandeha nankeo amin'ny rindrina aho, ka eto amin'*ity* ilany ity ny jiro, dia afaka niteny aho hoe inona, saiky mitovy amin'ny inona fotsiny aho; na biby manana tongotra efatra aho, na—na vorona, na inona ilay izy, raha hitako hoe karazana aloka inona no ataratro.

19 Ankehitriny, ny Testamenta Taloha dia aloky ny Testamenta Vaovao. Izany ilay negatifa. Tahaka ny volana, amin'ny masoandro; ny masoandro no mamiratra eo amin'ny volana, mampitaratra ny hazavana manketo an-tany. Ary tiako mihitsy ny Testamenta Taloha! Izy dia feno fanoharana mihitsy tahaka an'izany, na, arak'izay maha-izy azy. Ankehitriny, ilay tanteraka . . .

20 Ao amin'ny Genesisy, rehefa Andriamanitra no nanao ny—ny masoandro, voalohany, ny volana no manaraka, dia io volana sy masoandro io no maneho an'i Kristy sy ilay Fiangonana. Tahaka ny iposahan'ny masoandro ao amin'ny heriny sy ny voninahiny fotsiny; ary rehefa milentika izy, dia mampitaratra ny hazavany amin'ny volana, ao amin'ny aizina, mba hanome hazavana eto ambonin'ny tany raha mbola lasa ny masoandro. Jesosy, rehefa lasa Izy, dia niditra tao amin'ny Voninahitra Izy ary nampitaratra Ny Hazavany niverina teo amin'ilay Fiangonana; mba hanome, an'ilay Fiangonana, ny Hazavan'ny Filazantsara mandra-Piveriny, oh, oadray, ary avy eo dia hivady izy ireo. Hahafinaritra izany. Ho Hazavana iray lehibe an'ny volana izany ary . . . "Ny Zanak'ondry no hazavany." Tsy nila masoandro intsony izy ireo, tao amin'ilay Tanàna.

21 Ankehitriny ho an'ny fahitana mialoha kely iray, dia ndao isika hiverina ao amin'ny Eksodosy. Ary manantena aho fa tsy leo ahy miresaka ny Eksodosy ianareo.

22 Indray mandeha, tao amin'ny fiangonako eo am-pitan'ilay renirano, dia nitory teny aho, mino aho, teo amin'ny herintaona sy enim-bolana teo, mikasika an'i Joba, isan-kariva. Niverina izy ireo; nandray ampahany kely an'i Joba fotsiny aho, ary, nanohy, nanaraka an'izany nanerana ny Baiboly izahay.

23 Ny Soratra rehetra dia mifampiditra miaraka. Tsy misy fifanoherana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Tsia, tompoko. Ny kely tsirairay, tanteraka! Ny Boky tokana hany nosoratana izay voatsindrimandry tahaka an'izany, izay afaka tanteraka tokoa. . . Nosoratan'ny mpanoratra maro, ary an-jato taonany maro nifanelanelana; nefa ny tsirairay amin'izy ireo, miteny amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, dia mifampiditra miaraka mihitsy. Izany no antony, eo amin'ireo boky amboniny rehetra ireo, ny Makabeo sy ny sisa, tsy mifanaraka amin'Ity izany, noho izany dia tsy manaiky an'izany aho. *Ity no* Tenin'Andriamanitra, amiko.

24 Ary nanoratra taratasy iray tamiko ny vehivavy iray ka nilaza. . . Nitory teny aho; Joba teo ambonin'ny antontan-davenona. Hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, ianao dia efa, nihazona an'i Joba teo ambonin'ny antontan-davenona saiky ela loatra, tsy mieritreritra ve ianao? Efa teo nandritry ny enina herinandro." Hoy izy, "Nahoana, mba hanala azy eo amin'ilay antontan-davenona ve ianao?"

25 Eny, hoy aho hoe, "Rehefa mijanona tsy mamoaka an'ireo Teny eo ireo ny Fanahy Masina, dia ataoko fa tsy maintsy hijanona tsy hilaza an'izany aho." Fa raha mbola nihazona ahy hiresaka mikasika azy eo ambonin'ny antontan-davenona foana Izy, eny, dia nijanona tsara teo amin'izany fotsiny aho; ary voavonjy ireo fanahy.

26 Noho izany, tahaka an'ilay evanjelista, tonga tao amin'ny tanàna. Nitory teny izy, indray hariva, nitory mikasika ny fibebahana izy. Ny ampitso hariva, nitory mikasika ny fibebahana izy. Ny ampitso hariva, nitory mikasika ny fibebahana izy. Taorian'ny hariva efatra na dimy, dia nihaona taminy ny komitin'ny diakona ka nanao hoe, "Rahalahy, tsy afaka mitory zavatra hafa ankoatry ny fibebahana ve ianao?"

27 Hoy izy, "Oh, hia. Avelao izy ireo hibebaka, aloha, avy eo aho vao hitory zavatra hafa." Koa izany dia—dia hevitra tsara iray. Izy ireo, ny tsirairay avy, dia mibebaka, avy eo dia afaka mitory mikasika zavatra hafa isika. Eny àry.

28 Ho an'ny fijerena mialoha iray ankehitriny, ho an'ireo, na indrindra ireo izay tsy tany amin'ny Tabernakla tamin'ny Alahady maraina. Te-hiverina eo amin'ny toko faha-12 isika. Fa ny foto-pisainantsika izao hariva izao dia ao amin'ny toko

faha-14, manomboka amin'ny andininy faha-13-n'ny Eksodosy. Ankehitriny, nijanona teo amin'ny andininy faha-10 isika, tamin'ny Alahady maraina, an'ny *"ny fanavotana amin'ny alàlan'ny rà."* Ny ankamaroanareo dia mahalala tsara an'ilay tantara, azoko antoka.

29 Ankehitriny dia fantatsika fa afaka mamadibadika ny ravin'ity Boky ity isika, ka mamadika an'ireo pejy. Fa Anankiray tokana ihany No afaka manokatra ny Boky, izany dia Jesosy Kristy.

30 Nahita ny Boky i Jaona. Voaisy tombokase Izany. "Ary nitomany izy satria tsy nisy olona tany An-danitra afaka nanokatra an'Izany, tsy nisy olona teto an-tany, tsy nisy olona tao ambanin'ny tany. Fa nisy Zanak'ondry iray izay efa voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, tonga nandray ny Boky avy teo an-tànana ankavanan'Ilay nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana, ka nanokatra an'ireo tombokase ary—ary nanokatra ny—ny Boky, namaha an'ireo tombokaseny. Ary Izy no mendrika, satria efa voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao Izy."

31 Ndao isika hiresaka Aminy, izao hariva izao, ka hangataka Azy hanokatra an'Izany ho antsika fotsiny ankehitriny.

32 Ankehitriny, Ray tsara fanahy, tia, manatona Anao izahay, miresaka Aminao, aloha, amin'ny Anaran'i Jesosy. Mivavaka ankehitriny, mba, raha mitsangana eto izahay, mialoka ao ambanin'ity tafo ity, izao hariva izao, izay misy an'io tafio-drivotra misafoaka io any ivelany, mihodinkodina sy mitsoka ny orana, tena mankasitraka izahay ny manana an'ilay tranon'Andriamanitra hidirana. Ary mankasitraka izahay fa misy tilikambo iray, fialofana iray; Hoy Ianao hoe, "Ny Anaran'ny Tompo dia tilikambo mahery; ny marina mihazakazaka miditra ao ka voaaro." Tena faly izahay fa mahafantatra ny Anaran'ny Tompo, ka miditra ao anatin'Izany.

33 Mivavaka izahay ankehitriny mba Hanokafanao an'ity Teny ity aminay, izao hariva izao, Ray. Enga anie ho tonga ny Fanahy Masina ka hiditra ao anatin'ny Teny. Forao ireo molotr'ity mpanompo mahantra manetry tena ity, sy ny fon'ireo izay hihaino, ireo Zanakao. Ary enga anie ny Fanahy Masina handray fotsiny ny Tenin'Andriamanitra ka hametraka an'Izany ao anatin'ny fo tsirairay, eo amin'izay ilàna Azy mihitsy. Tahio izahay ankehitriny. Avaozy ny sainay, izao hariva izao, ao amin'Ny Fanahinao. Raiso ny voninahitra avy amin'ny fivoriana. Vonjeo ny very. Sitrano ny marary. Ento mody any an-Trano ny mpiverin-dàlana, Tompo. Ary homenay Anao ny dera, fa mangataka an'izany amin'Ny Anaranao izahay, an'Ny Zanakao malalanao, Jesosy. Amena.

34 Ankehitriny dia mamadiha ao amin'ny andininy faha-10-n'ny toko faha-12-n'ny Eksodosy. Namaky isika hoe,

"ny fanavotana tamin'ny alàlan'ny rà," ahoana fa nandidy zanak'ondry iray mba ho vonoina ao anatin'ny trano tsirairay Andriamanitra, ahoana fa tsy tokony nisy na inona na inona tavela.

35 Efa nilatsaka ireo fitsarana, ary vonona ny hilatsaka ny fitsarana farany ankehitriny. Hanatanteraka Ny Teniny Andriamanitra, ara-bakiteny. Ary ireo fitsarana rehetra tany aoriana tany ireo dia famantarana iray tanteraka, na tandindona iray tanteraka, an'ireo fitsarana izay vonona ny hilatsaka ankehitriny.

36 Ary raha hanamarika ianareo, talohan'ny nilatsahan'ny fitsarana. Ankehitriny dia mety tsy hifanaraka amiko ireo mpitoriteny eo amin'ity, izay mety tsara. Fa talohan'ny nanombohan'ny fitsarana namely an'i Egypta, dia nalefan'Andriamanitra nankany Gosena ny Isiraely. Tao Gosena izy ireo, ary tsy nisy loza nilatsaka teo amin'izy ireo. Tandindona tanteraka iray an'ilay Fiangonana nentina, teo ambonin'ny fahoriambe, hitanareo. Eny àry.

37 Avy eo tamin'ilay loza farany tany izay namely ny tany, na namely an'i Egypta, dia ny fahafatesana. Ianareo rehetra mpamaky Baiboly eto, dia mahafantatra ny leson'ny sekoly Alahadinareo sy ny sisa, efa naka an'ity, angamba, imbetsaka. Fa, ny fahafatesana no fahavalo farany izay namely an'i Egypta.

38 Ary ny fahavalo farany izay hamely ny fiangonana ankehitriny dia ny fahafatesana, miresaka ara-panahy. Ireo izay tsy hanaraka an'i Kristy, ao amin'ny—ao amin'ny batisan'ny Fanahy Masina, dia ho maina ara-panahy ka ho faty; ireo fiangonana, afaka mahita an'izany ianareo ankehitriny. Taorian'ireo fifohazana lehibe maro, maro ary ireo evanjelista izay nitety ny firenena, ary, kanefa, ny fiangonana dia, izany hoe, miresaka fiangonana ara-politika, dia lasa miharatsy hatrany foana. Miaina amin'ny fomba rehetra tian'izy ireo iainana ireo mambrany, manao ny zavatra rehetra izay tian'izy ireo atao, kanefa, miantso ny tenany ho Kristiana, ary milaza fa mety tsara izy ireo.

39 Ny hoe *Kristiana,* dia midika hoe "Mitovy amin'i Kristy." Aza mandeha any amin'ny toerana izay tsy tianareo hisy anareo raha tonga Kristy. Aza milaza na inona na inona izay tsy tianareo holazaina rehefa tonga Kristy. Tsy manao na inona na inona izay tsy tianareo hatao rehefa tonga Kristy. Tsy mieritreritra na inona na inona izay tsy tianareo eritreretina rehefa tonga Kristy. Hazòny ny tanjonareo tokana, ny fonareo mifantoka eo Kalvary. Amena. "Mandehana ao amin'ny Hazavana, tahaka Azy ao amin'ny Hazavana, dia manana fiombonana amin'ny hafa isika, ary ny Ràn'i Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra, no manadio antsika rehetra amin'ny tsi-fahamarinana." Izany dia ireo Metodista, Batista,

ary isika rehetra, miaraka, manao antsika rehetra ho iray ao Aminy.

40 Ankehitriny, ilay farany, ilay zavatra farany dia ny fahafatesana. Ary alohan'ny ahatongavan'ny fahafatesana, dia nisy fanaovam-panavotana iray natao ho an'io fahafatesana io, ho an'ny rehetra izay maniry handositra an'izany.

41 Ary nisy fanaovam-panavotana iray natao talohan'ny fandravana voalohany, an'izao tontolo izao talohan'ny safo-drano. Nanana mpitory tenin'ny fahamarinana iray Andriamanitra, Noa, ary nitory teny roapolo amby zato taona izy, mba hidiran'ny olona ao anatin'ilay sambofiara. Ary ireo izay ninia nandà tsy handeha, dia tsy nisy na inona na inona tavela afa-tsy fitsarana.

42 Ary, amin'izao andro izao, ny olona izay mandà tsy handeha ao amin'ny Hazavan'i Kristy, nanao tsinontsinona ny famindrampo ianareo, noho izany dia tsy misy na inona na inona tavela afa-tsy fitsarana. Izay ihany. Ny ilany ankavanana sy ankavia fotsiny no misy, ilay anankiray tokana izay azonareo andehanana. Ka ataovy ny safidinareo.

43 Ankehitriny, mahita isika, talohan'ilay—nahatongavan'ilay alina mahatsiravina, dia efa nodidiana ny Isiraely. Ary efa nalaintsika izany, ny famonoana an'ilay zanak'ondry.

44 Nitondra ny Fiangonany nankao amin'ny fifindràna Andriamanitra, mba hamoaka azy avy tao Egypta, nankao amin'ny tany nampanantenaina. Tiako izany. Niampita izy ireo, mba hahazo an'ilay tany. Andriamanitra no nanome azy ireo an'ilay tany, kanefa ilay izy dia voafefy tanteraka tamin'ny tranobe goavana, lehibe sy fefy. Ary ireo rindrina nanodidina an'i Jeriko, afaka nanao hazakazaka nanodidina an'izany ireo kalesy. Ary eritrereto fotsiny izany, kanefa, hoy Andriamanitra hoe, "Efa Nomeko anareo izany. Anareo izany." Fa tsy maintsy nanadio izy ireo, nanadio an'izany.

45 Ary izany no nataon'Andriamanitra amin'izao andro izao. Efa Nomeny ny tsirairay avy aminareo, izay mila an'Izany, ny batisan'ny Fanahy Masina. Saingy tsy maintsy miditra ianareo, maka an'Izany, izay ihany; miady amin'ireo fahasamihafana, mandrodana an'ireo rindrina, ary manomboka miditra ao ka maka Azy.

46 Hoy ianareo hoe, "Hoy ny pasitera hoe, 'Tsy ho antsika amin'izao andro izao izany.'" Manohiza mandeha fotsiny dia ihoary izany. "Hoy i neny hoe, 'Horoahiko miala amin'ny trano ianao.'" Manohiza avy hatrany dia ihoary izany. "Hoy ny vady hoe, 'Hilaozako ianao.'" Manohiza avy hatrany dia ihoary izany. Izay ihany. Tsy maintsy mandeha ka maka Azy! Izay ihany.

47 Ho an'ny tsirairay avy aminareo ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Ny tsirairay avy aminareo izay mipetraka

eto izao hariva izao, miaraka amin'ny homamiadana, aretim-po, na inona ilay izy, efa nanome ny teny fikasana Andriamanitra. Ary anareo izany, saingy tsy maintsy mandeha ianareo ka maka an'izany.

48 Hoy ianareo ankehitriny hoe, "Eny, tsy mahatsapa ho tena tsara mihitsy fotsiny aho." Tsy misy idiran'izany amin'io. Anareo ny teny fikasana. Andriamanitra no nanome anareo an'izany. Mandehana miditra avy hatrany ka vonoy ireo Filistina, avy amin'ny andaniny iray mankany amin'ilay hafa. Ary avohay ireo Hivita rehetra sy—sy Amorita, vonoy fotsiny izy ireo. Manohiza miditra, alaivo ilay izy. Hoy Andriamanitra hoe, "Anareo izany. Mandehana alaivo ilay izy."

49 Fa Izy tsy nanao hoe, "Ankehitriny, hiditra Aho, hamafa an'izany rehetra izany, ary hanorina tanàna tsara tarehy vitsivitsy ho anareo, ary hametraka anareo eo amin'ny làlambe mora." Tsy manao tahaka an'izany Izy.

50 Omeny anareo ilay izy, fa tsy maintsy manao zavatra ianareo. Tena tsara fanahy Izy mba hanome ny tany ho anareo, nilaza fa hanampy anareo Izy ary homba anareo. Mandehana, alaivo ilay izy!

51 Ary raha marary ianareo, izao hariva izao, mandringa, jamba, marenina, moana, na inona ianareo; mandehana, alaivo ilay izy. Andriamanitra no nilaza fa efa anareo izany. Fanananareo izany. Andriamanitra no nanome an'izany ho anareo.

52 Izy no niteny tamin'izy ireo fa hanome azy ireo an'io tany io Izy. Naniraka Anjely iray teo alohan'izy ireo, mba hikarakara ny làlana, nampiditra azy ireo tao amin'ilay toerana izay nisy azy.

53 Jereo ireo mpisafo tany rehefa niampita izy ireo. Indro niverina ny folo tamin'izy ireo, nanao hoe, "Oh, tsy afaka manao an'ilay izy isika. Tsy azo atao ilay izy. Nahoana, siantifika izahay, ary nandinika an'ilay zavatra. Ara-tsiansa dia tsy azo atao ilay izy. Tsy afaka manao an'ilay izy isika."

54 Fa nisy lehilahy roa, ny iray tamin'izy ireo dia nantsoina hoe Josoa, ary ny iray nantsoina hoe Kaleba. Tsy nijery an'izay lafiny siantifika izy ireo. Nijery an'izay nolazain'Andriamanitra izy ireo. Hoy izy ireo, "Afaka manao an'ilay izy isika." Ary marina izany. Dia nitondra porofo iray izy ireo hoe tany tsara iray ilay izy.

55 Tena faly aho ny amin'io porofo io, (ary ianareo?) hoe misy Tany tsara iray mihitsy ao ambonintsika! Ary eo amin'ny làlantsika isika, izao hariva izao. Haleloia! Eny àry.

56 Teo izy ireo, ankehitriny, mialohan'ny fanavotana mihitsy. Nitaky tamin'ny zanak'Isiraely Andriamanitra, mba hahazoan'izy ireo antoka fa ho voaaro, hamono an'io

zanak'ondry io. Ary hametraka ny rà eo amin'ny tolana, ilay tampon'ny varavarana, tahaka an'*izao*, ary isaky ny andry.

57 Ary tsy maintsy niditra izy ireo ka nihinana an'io zanak'ondry io, ny kely tsirairay an'izany; mariho, ilay zanak'ondry manontolo, fa tsy ampahan'izany fotsiny. Tsy maintsy nohanina ny kely tsirairay an'izany.

58 Hoy ny olona sasany hoe, "Haka an'*ity* ampahany ity fotsiny aho, ary hino aho—hino an'*ity* ampahany ity aho." Fa tsy maintsy maka Azy manontolo ianareo, ny kely tsirairay an'Izany. Hoy ianareo, "Oh, mino aho fa Izy dia voalefona nohon'ny fahotantsika, saingy, 'tamin'ireo Dian-kapony,' dia tsy fantatro ny mikasika an'Izany." Mila Azy rehetra isika. Tsy maintsy hohanina ny kely tsirairay an'Izany; ny rehetra an'Izany. Ny sasany amin'Izany dia lasa mafy, saingy tsy maintsy hohanintsika Izany, na ahoana na ahoana. Andriamanitra no nilaza an'izany.

59 Mariho ny andininy faha-10 ankehitriny.

> *Ary ianareo tsy—ianareo tsy hamela na inona na inona ho tafajanona amin'izany hatramin'ny . . . maraina; ary izay* tafajanona *. . . hatramin'ny maraina . . . ho dorana amin'ny afo.*

60 Ary, ankehitriny, tsy misy azo ajanona ny iray amin'izany; ny zavatra rehetra. Ankehitriny, hoy Izy hoe, "Rehefa mihinana azy ianareo, dia aza hohanina manta izy, na ampangotrahana, fa tsy maintsy masaka tsara no ihinananareo azy." Ary tiako izany.

61 Miezaka mihinana ny Tenin'Andriamanitra ny olona, ka alain'izy ireo Izany toy ny hoe manta Izy; mitsako Azy, ary mandò Azy, sy ny zavatra hafa rehetra. Manao hoe, "Oh, tsy afaka maka Azy fotsiny aho. Tsy mety mahatanty Azy aho." Tsy masaka tsara Izy. Izay ihany.

62 Hoy Izy hoe, "Atsatsiho amin'ny afo ilay izy." Ny afo dia maneho ny Fanahy Masina. Raiso ao am-ponareo Andriamanitra, aloha, dia Izany no hanatsatsika Azy ho anareo. Marina izany. Natsatsika Izy, vita, voaisy hanitra, amin'izay fotoana izay dia tsara tsiro Izy.

63 Ankehitriny, tsy afaka hihataka tahaka an'*izao* ianareo, any ivelany, manao hoe, "Oh, izaho, tsy fantatro raha ho ahy Izany, na tsia. Mety ho an'ireo andro lasa izany." Raiso fotsiny ny Fanahy Masina, aloha, dia diniho hoe inona no dikan'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra aminareo avy eo.

64 Diniho hoe inona no dikan'ny fivavahana mihetsi-po iray aminareo avy eo, rehefa manana ny Fanahy Masina ianareo eto mba hanatsatsihana an'ilay Zanak'ondry rehefa tonga Izy. Amena. Marina izany. Atsatsiho ilay Zanak'ondry, aloha. Ary tsy maintsy manana Afo hanatsatsihana Azy ianareo. Tsy maintsy

mendy Izy. Oh, oadray, amin'izay Izy vao tsara. Endaso Izy, izany no mandoro mihitsy ny rehetra . . .

65 Nitsangana teto aho, vao tsy ela akory izay, teo akaikin'ny fandrendrehana goavana iray, ary voamariko hoe mahamay toy ny inona io afo io, ary nahandro fotsiny izany sy nahandro ary nahandro. Ary arakaraky ny nahamay azy, ilay—ireo loto tao amin'ireo vy, tao amin'ilay volamena, dia tonga teo amin'ny tampony izy rehetra, ka nesorin'izy ireo izany. Ary nafanain'izy ireo ho mahamay kely kokoa ny afo tao anatin'ilay fandrendrehana. Ary avy eo rehefa nangotraka bebe kokoa io, dia mahazo karazan-javatra hafa izy ireo, tain-drendrika sy ny karazany, avy amin'izany.

66 Ny loto no niakatra voalohany, tahaka ny loto sy fotaka. Ny niakatra manaraka dia mitovy amin'ireo akora, oh, zavatra tsy tsara; volafotsy mangirana vitsivitsy, ary ireo zavatra rehetra ireo, miakatra izy ireo, ary esorina izany. Manohy midina, midina hatrany, ary ny zavatra farany nesorin'izy ireo tamin'izany dia tain-drendrika. Volamenan'adala izany.

67 Fantatrareo fa maro ny olona miezaka mifamitaka rehefa Kristiana iray ianareo, na mihetsika tahaka an'izany, na ahoana na ahoana. Hitanareo? Fa avelao fotsiny ny Fanahy Masina handeha hampangotraka ny zavatra rehetra hivoaka, hanaisotra—hanaisotra ny volamenan'adala rehetra hiala aminareo, ihany koa.

68 Volamenan'adala, maro ny olona mandeha mankany Andrefana ary mahita vitsivitsy amin'izany, ary mihevitra izy ireo, oh, fa nahita toeram-pitrandrahana volamena iray. Mamiratra tsaratsara kokoa noho ny volamena izany. Saingy volamenan'adala, tsy misy vidiny izany.

69 Ary ankehitriny dia nandrahoin'izy ireo izany, ary esorin'izy ireo izany rehetra izany, dia manohy mahandro azy sy mahandro azy fotsiny, mandra-pahatonga azy ho volamena madio, nampangotraka mandra-paha tsy misy na inona na inona afa-tsy volamena zato isan-jato.

70 Ary tahaka an'izany no ataon'Andriamanitra ao amin'Ny Fiangonany, mandatsaka ny Fanahy Masina eo ambonin'Izany, ary mahandro ao anatiny ao mandra-Panariny ny arak'izao tontolo izao rehetra, sy ireo fahasamihafana rehetra, sy ny fitiavan-tena, ary io rehetra io, mandra-Pangotrany an'izany fotsiny hiala amin'ny isam-batan'olona tsirairay izay hanatona Azy. Amena.

71 Ankehitriny, amin'izay fotoana izay, dia afaka mihinana azy ianareo. Ity misy fisainana iray hafa tsara tarehy eto, eo amin'ny—eo amin'ny andininy faha-11.

Ary izao no hihinananareo azy; amin'ny . . . (henoy ity) . . . *valahana voasikina,* . . . (tiako izany) . . . *kiraro eo*

amin'ny tongotrareo, . . . tehina eny an-tànanareo; ary haingana no hihinananareo azy; izany no *paskan'ny* TOMPO.

72 Tiako izany. Raha mbola mihinana ianareo, dia aoka ho vonona handeha. Izany ilay fanontaniana.

73 Ndao isika hamadika ao amin'ny Efesiana, eo amin'ny toko faha-6-n'ny Efesiana, ary hijery ao an'izay nolazain'i Paoly mikasika ny fanaovana an'ilay Fiangonana ho vonona; toko faha-6-n'ny Efesiana, manomboka amin'ny andininy faha-14-n'ny toko faha-6.

Mifahara arak'izany, aoka ny valahanareo ho voasikina *fahamarinana, . . . mitafy ny fiarovan-tratran'ny fahamarinana*;

. . . ny tongotrareo hikiraro fahavononana avy amin'ny filazantsaran'ny fihavanana;

Ary *ambonin'ny* zavatra *rehetra,* raiso *ny ampingan'ny finoana, izay hahafahanareo hamono . . . ny zana-tsipìka mirehitra an'ny ratsy fanahy.*

Ary raiso ny fiarovan-dohan'ny famonjena, sy ny sabatry ny Fanahy, dia ny tenin'Andriamanitra:

74 Jereo i Paoly mampiakanjo olona iray ho an'ilay sahan'ady, ho an'ilay fandehanana.

75 Andriamanitra, tany amin'ny voalohany, tamin'ny fanafahana ny Isiraely, dia hoy Izy hoe, "Ankehitriny tokony ho vonona amin'ilay fandehanana ianareo. Rehefa tonga eo ambanin'ny rà ianareo, dia anaovy ny kiraronareo. Sikino ny valahanareo. Ento eny an-tànanareo ny tehinareo ka aoka ho vonona ho amin'ilay antso." Tiako izany.

76 Lehilahy iray ankehitriny, rehefa miditra ao amin'i Kristy izy, dia manao ny kiraron'ny Filazantsarany, mba hitory ny Filazantsara; ny fiarovan-dohan'ny famonjena; ny fiarovan-tratran'ny fahamarinana; misikina ny valahany. Misy ny . . .

77 Mazàna, tao amin'ireo miaramila fahiny, rehefa manao an'ireo haingon'ady ireo izy ireo, dia nanana fehikibo goavana. Nofatoran'izy ireo miaraka izany, nihantona teo amin'ny valahany, ireo ampinga ireo, mba hialàna amin'ny lefon'ny fahavalo. Tena lesona iray toy ny inona izany ho antsika. Ary rehefa ny—manomboka malemy ny valahana, midina, ilay ampinga, dia anateren'izy ireo ny fehikibony, ampakariny indray izy ireo.

78 Sary tanteraka iray toy ny inona, amin'izao andro izao, rehefa manomboka mahatsapa toy ny hoe miha-ketraka ianareo, na milaza ny devoly hoe, "Tsy misy ilàna an'izany." Ampidino ny tànana ary anatereo kely ilay fehikibo; hazòny mafimafy kely amin'ny tànana ilay sabatra, ka mandrosoa. Tiako izany, mivonòna ho amin'ilay fandehanana.

79 Ny olona rehetra nandeha teo ambanin'io rà io, tamin'io alina io, dia nodidiana hijanona teo, tsy hivoaka mandra-pahatongan'ny baiko, mba handeha.

80 Ary ny olona rehetra izay ateraky ny Fanahin'Andriamanitra, dia miditra ao amin'i Kristy, manana Fiainana mandrakizay; mitafy ny ampingany, ny aro-tratrany, mitsangana vonona, ary raràna tsy hiala mandra-pahatonga ny baiko mba handeha.

81 Oh, tsy mahafinaritra ve izany? Tsy faly ve ianareo fa manana an'izany rehetra izany voafatotra, izao hariva izao, ianareo miaramila?

82 Nanana mpitarika hira iray isika taloha teto amin'ny tabernakla, ny hira mahazatra antsika:

> Mandeha ny ady, O ry miaramila Kristiana,
> Mifanatrika ao amin'ny filaharana tery,
> Miaraka amin'ny fiadiana mamiratra, ireo faneva mihofahofa,
> Mifanatrika ny tsara sy ny ratsy androany;
> Mandeha ny ady, saingy aza reraka,
> Aoka hahery ary mihazòna mafy ao amin'ny Heriny;
> Raha momba antsika Andriamanitra, dia eo ambonintsika ny Fanevany,
> Hihira ny hiram-pandresena isika amin'ny farany.

83 Maro amin'ireo olo-masina fahiny no lasa any am-pasana. Fa indray andro any, any amin'ny tany vaovao iray, rehefa hiditra ao amin'ilay Tany nampanantenaina izy ireo, dia ho eo ambonintsika ilay fanevan'ny hazo fijaliana, ary hihira ny hiram-pandresena isika. Rehefa hipetraka ao amin'ilay Sakafo harivan'ny Mpanambady isika amin'io hariva io, manodidina ny latabatra, ilay latabatra lehibe, angamba iray hetsy maily ny halavany, miaraka amin'ireo olo-masina voasasan'ny Rà mipetraka manodidina eo. Te-handeha eo amin'ilay latabatra aho ary hifandray tànana amin'ny tsirairay avy amin'izy ireo, amena, hihiakiaka fotsiny. Te-handre ahy hihiakiaka ve ianareo? Miandrasa mandra-pahatongako any; diniho aho. Izaho dia tsy goavana loatra, tsy mbola, ho an'izany.

Saingy, mariho, eo amin'ilay fandehanana ankehitriny. Aoka ho vonona. Handeha isika.

84 Indro ny sary mampalahelo iray, alohan'ny andehanantsika ao amin'ny lesontsika mahazatra, dia hita ao amin'ny andininy faha-38 eo. Henoy.

> *Ary nisy olona maro samy hafa firenena niakatra* niaraka tamin'ny ondriny . . .

85 Teo no nanaovan'ny Isiraely fahadisoana iray. Efa vita ilay ivelan'ny voajanahary. Olona tsy niova fo no nanaraka noho ilay ivelan'ny voajanahary, ka nahatonga azy ireo tao anatin'ny olana

tamin'ny farany. Ary eo am-pidinana, dia mahamarika isika eto, eo amin'ny andininy faha-42 sy ny andininy faha-43. Niresaka tamin'i Mosesy ny Tompo, nilaza, hoe, "Tsy hisy olona afa-tsy ireo izay natao sorona . . . no afaka mihinana an'ilay fanatitra," raha ny marina, "afa-tsy ireo izay voafora. Tsy misy vahiny, tsy misy avy any ivelany, tsy misy olona handray an'izany afa-tsy ireo izay voafora."

86 Ary fahafambaraka toy ny inona no ananantsika androany, amin'izao andro izao, ry sakaiza malala; fa rehefa, ao am-piangonana, ny olona rehetra izay mikambana ao amin'ny fiangonana dia mandray ny fandraisana. Ary diso izany. Ireo izay navotana irery ihany, izany ihany no mendrika.

87 Nilaza Isaia ary nanao hoe, "Feno lò ny latabatry ny Tompo." Hoy izy hoe, "Iza no hampianariko Foto-pampianarana? Ireo izay vao nitsaha-nono." Hoy izy hoe, "Didy anampy didy; fitsipika anampy fitsipika; kely eto, ary kely etsy." "Ary hazòny mafy izay tsara." Rehefa niteny Andriamanitra, nahafantatra fa ny andro izay iainantsika, dia ho ara-politika loatra ny fiangonana, hany ka hamela ny zavatra rehetra izy ireo, ny olona, hiditra; raha mbola manana ny anarany eo amin'ny bokim-piangonana foana izy ireo, mambra izy ireo, mandray ny fandraisana izy ireo.

88 Ary ny Baiboly dia nilaza hoe, "Izay mihinana sy misotro an'izany, tsy am-pahamendrehana, dia meloka amin'ny vatana sy ny Ràn'ny Tompo."

Masindahy Jaona, toko faha-13, Jesosy no miteny.

89 Korintiana Faharoa ny toko faha-11, Paoly no nilaza, taona maro taty aoriana, hoe, "Izay mihinana sy misotro an'ity, tsy am-pahamendrehana, dia ho meloka amin'ny vatana sy ny Ràn'ny Tompo. Aoka ny olona handinika ny tenany," hoy izy, "alohan'ny andraisany." Manonona ny Soratra aho. Marina izany. "Izay mihinana sy misotro, tsy am-pahamendrehana, dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an'ny tenany, tsy mamantatra ny tenan'ny Tompo. Ary noho izany dia maro no marary sy malemy eo anivonareo, ary maro no nodimandry." Manàna antoka fa mijoro tsara miaraka amin'Andriamanitra ianareo.

90 Indro izany ao amin'ny aloka, hoe, tsy misy olona afa-tsy ilay voafora! Tsy mampaninona na nahitsy toy ny inona izy, impiry izy no nanampy an'ilay fiangonana Jiosy; tsy maintsy proselyta iray izy, tsy maintsy tena mpino marina iray voafora, alohan'ny ahafahany mandray ny fandraisana, na mihinana ny paska. Oh, toy ny ahoana no nanalavirantsika an'ilay tsipika androany!

91 Ndao isika handeha ankehitriny, arak'izany. Ary nitondra azy ireo nivoaka Andriamanitra izao hariva izao. Mamadika ao amin'ny andininy faha-13-n'ny toko faha-14 isika.

92 Nanome azy ireo ny Andry Afo Andriamanitra mba handeha alohan'izy ireo. Mihevitra aho fa nanana an'ilay sary izy ireo eto, izao hariva izao. Ary milaza an'izany am-panajana aho. Amin'ny hevitro mahitsy fo, raha mbola ato amin'ity vondrona ity isika eto izao hariva izao, dia mino aho fa miaraka amintsika Izany izao hariva izao. Ilay Andry Afo iray ihany izay nitarika ny zanak'Isiraely, dia mandeha eo alohantsika, manatanteraka an'ireo famantarana sy fahagagana iray ihany. Ary ny mpampianatra rehetra eto, na ny mahay ny Baiboly, dia mahafantatra fa ilay Anjely izay nanaraka ny Isiraely sy nitaridàlana azy ireo ho any amin'ilay tany nampanantenaina, dia ilay Anjelin'ny Fanekena, izay Jesosy Kristy.

93 Ary, androany, "Jesosy Kristy ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay" dia mandeha eo alohan'ity vondrona izay tianareo antsoina hoe holy-rollers ity, raha tianareo. Eny àry. Manohy, mitarika avy amin'ny fandresena mankany amin'ny fandresena! Deraina Andriamanitra!

94 Tao amin'ireo firenena ireo, tamin'ny androny, dia nohamavoina sy nankahalaina sy nolavina izy ireo, ary natosik'ireo firenena, ka nantsoina tamin'ny zavatra rehetra.

95 Toy izany koa ilay izy amin'izao andro izao, amin'ireo mpino marina. Ianareo, ao amin'ny fiangonanareo, fantatrareo, rehefa manohana an'i Kristy ianareo ka miaro ny Fahamarinana, dia milaza ny fiangonana manontolo hoe, "Jereo izy! Nahavery ny sainy izy. Lasa adala izy." Hitanareo?

96 Aza miraharaha an'izany. Manohiza manaraka. Nampitaovina ianareo rehetra ankehitriny. Ary ny Rà no mandeha eo alohanareo; ny Fanahy Masina no mitarika anareo. Manohiza mandroso fotsiny. Aza miraharaha an'izay tenenin'ny olona aminareo. Mijere mahitsy mankany Kalvary, ka mandrosoa. Tandindona tsara tarehy!

97 Ankehitriny, nivoaka izy ireo, tamin'ny alàlan'ny, ary nanana . . . Ary ankehitriny mariho, ny fanavotana tamin'ny rà no nitondra azy ireo nivoaka avy tao Egypta, ankehitriny izy ireo dia tsy maintsy nanana zavatra hafa ankehitriny mba hampiditra azy ireo tao amin'ilay tany. Ankehitriny dia nanomboka teo amin'ny fanombohana fotsiny izy ireo. Tsy maintsy nivoaka izy ireo, voafora, nandeha teo ambanin'ny rà, ary teo amin'ny fandehanana. Ankehitriny dia tonga teo amin'ny zavatra iray izy ireo. Nanohy nandeha izy ireo teo, nahafantatra fa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana; nahafantatra fa nanana Fiainana Mandrakizay izy ireo.

98 Saingy indro izy ireo, miakatra ankehitriny, ary manomboka mipoitra ireo fahasarotana. Indro tonga ireo tafik'i Farao, nanenjika azy ireo, mba haka azy ireo. Nipetraka ny olana.

99 Henoy! "Andriamanitra no fialofantsika sy tanjatsika, tena famonjena manatrika iray amin'ny andron'ny fahoriana."

Oh, manantena aho fa hitanareo izany. Hitanareo? Ity ilay izy. Mahafantatra . . . Fa, mihainoa, ny andininy faha-13 ankehitriny.

Ary hoy Mosesy tamin'ny olona hoe, Aza matahotra, . . .

100 Tiako izany. Rehefa avy nitsangana tamin'ny maty Jesosy, Ny Teniny dia tsy ankitsahatra hoe, "Aza matahotra."

101 Izany no olana amin'ilay Fiangonana amin'izao andro izao, dia matahotra mafy ianareo ny hanao tsi-fahombiazana iray. Ahoana no ahafahanareo tsy hahomby nefa ao amin'i Kristy ianareo? Tsy afaka ny tsy hahomby ianareo. Manana Fiainana mandrakizay ianareo. Tsy afaka ny hanozongozona anareo ny demony rehetra ao amin'ny helo. Manana Fiainana mandrakizay ianareo. Jesosy no nilaza an'izany. Noho izany aza matahotra ny tsi-fahombiazana.

102 Hoy ianareo hoe, "Eny, matahotra ho lasa fanatika aho." Aleoko manana fanatisma kely iray toy izay mipetraka tsara ary tsy manao na inona na inona. Azoko antoka. Ny lehilahy iray izay hanao zavatra anankiray . . .

103 Voalaza mikasika ny amin'i Ballard eto, tonga ny lehilahy mba hahazo asa avy aminy, ary hoy izy hoe, "Soniavo eto ny anaranao." Noraisiny ny pensiliny, mba hanao sonia. Hoy izy hoe, "Aiza ny gaomanao?"

Hoy izy, "Izaho tsy . . . tsy manao fahadisoana."

Hoy izy hoe, "Tsy afaka mampiasa anao aho; tsy hanao na inona na inona ianao."

104 Marina izany. Raha tsy manao fahadisoana ianareo, ianareo dia tsy—tsy manao na inona na inona ianareo. Ndao isika handeha, rahalahy. Mitsangàna ary mandehana. Tiako ny Longfellow eo:

Aza miteny amiko, amin'ny alahelo betsaka,
Ny fiainana dia tsy misy afa-tsy nofy foana iray!
Ary ny fanahy izay matory dia maty,
Ary tsy toy ny maha-izy azy ireo zavatra.

Hoy izy:

Eny, tena misy ny fiainana! Ary matotra ny fiainana!
Ary tsy ny fasana no tanjony;
Vovoka ianao, hiverina ho vovoka,
Dia tsy miresaka ny amin'ny fanahy.

Ndao isika hitsangana ka hanao,
Amin'ny fo iray ho an'ny ady rehetra;
Aoka tsy ho tahaka ny biby fiompy moana, tarihina!
Aoka ho mahery fo iray!

105 Aza miandry olona mba handresy lahatra anareo ho an'i Kristy. Mitsangàna tahaka ny lehilahy iray na ramatoa iray, maneke Azy, ary mandrosoa ao amin'ny fandresena. Amena. Izany no ilain'Andriamanitra, miaramila henjana, vonona. Ianareo mety tsy, hilanja dimy amby zato livatra, saingy afaka ny ho mafy orina foana, rahalahy, ary feno hery, raha hamela an'Andriamanitra hanao ny Fombany fotsiny ianareo. Efa nahita lehilahy izay nilanja roanjato livatra aho, tsy nanana ampahefa-grama ny maha-lehilahy iray tao amin'izy ireo. Marina izany. Eny àry. Mariho.

> . . .*Hoy i Mosesy tamin'ny olona hoe, Aza . . . matahotra, mipetraha tsara, ary jereo ny famonjen'ny* Tompo, . . .

106 Tsara izany. Manohiza mandeha. Aza matahotra ny amin'ny inona na inona. Raha nanaiky an'i Kristy ho Mpamonjinareo ianareo, dia mandrosoa.

107 "Rahalahy Branham, mila ny batisan'ny Fanahy Masina aho." Manohiza mandroso fotsiny. Aza matahotra.

108 Hoy ianareo hoe, "Marary aho ankehitriny, Rahalahy Branham. Tsy afaka mandeha lavitra intsony aho." Aza reraka. Manohiza mandroso fotsiny; jereo ny famonjen'ny Tompo! Ekeo izany. Mandrosoa fotsiny.

109 "Hanao ahoana izany? Nolavin'ny dokotera aho." Ankehitriny, nanao ny tsarany indrindra ilay lehilahy, saingy mbola tsy nanao ny Tsarany indrindra Andriamanitra. Marina izany.

110 Vetivety fotsiny, henoy izy ankehitriny. Eny àry.

> . . .*ny* Tompo, *izay* hasehony ho *anareo anio: fa ireo Egyptiana* (ireo mpanafika, ny fahamarinana- . . .ilay mpanakorontana) . . .

111 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, raha afaka miala amin'ny fifohana fotsiny aho! Raha afaka mijanona amin'ny fisotroana aho! Raha afaka miala amin'ny fangalarako fotsiny aho! Raha afaka miala aho amin'ny fanaoko an'*ity, itsy,* sy ny *hafa*." Aza reraka. Mandehana fotsiny. Andriamanitra no hiahy ny sisa amin'izany.

112 "Raha nahafantatra aho fa afaka nanao an'ilay izy, Rahalahy Branham, dia ho nanaiky an'i Kristy aho izao ankehitriny izao." Aza manahy. Mandrosoa. Mandehana fotsiny. Hahita ny famonjen'ny Tompo ianareo!

> . . .*fa ireo Egyptiana izay hitanareo anio, dia tsy ho hitanareo intsony mandrakizay.* (Amena. Hilamina izany, afaka fotoana fohy.)
>
> *Ny* Tompo *hiady ho anareo, ary* ianareo *dia* ho . . . *hihazona ny filaminanareo*.

Ary hoy ny Tompo tamin'i Mosesy hoe, Nahoana no mitaraina amiko ianao? mitenena amin'ny zanak'Isiraely, mba handroso izy ireo: (Tiako izany.)

113 Aza manandrana milaza, manao hoe, "Eny, nikambana tamin'ny fiangonana aho, folo taona lasa izay, Rahalahy Branham. Efa mambra tsara iray mahatoky aho." Tsara izany; mankasitraka an'izany aho. Fa ndao isika handroso, izao hariva izao. Mandroso Andriamanitra. Ny olona amin'izao andro izao, eto, miverina izy ireo, hoy izy ireo hoe, "Eny, ankehitriny . . . "

114 Ny siansa, dimampolo amby zato taona lasa izay; nisy siansa iray tany Frantsa, izay nilaza hoe, "Raha mba nandeha tamin'ny hafaingam-pandeha mampatahotra telopolo maily isan'ora ny olona iray, dia ho nanainga azy niala tamin'ny tany ny fisintonana, ary ho lasa izy." Hah! Telopolo maily isan'ora? Mandeha eninjato sy arivo maily isan'ora izy ankehitriny. Tsy maheno ny siansa mitodika amin'io olona io intsony ianareo. Nety tsara izy tamin'ny androny, saingy miaina amin'ny andro hafa iray izy ireo. Marina izany.

115 Fa, isika mpitory teny, oh, tsia. "Fanasitranana avy amin'Andriamanitra? Ankehitriny mamelà ahy hahita an'izay—izay nolazain'i Masindahy Moody, Finney, Knox, Calvin, ny sasany amin'izy ireo mikasika an'Izany." Nety tsara izy ireo tamin'ny androny. Saingy mandroso isika, mandeha mandroso. Manana zavatra hafa isika.

116 Jesosy dia nilaza, tao amin'ny fanoharana tany, ny amin'ilay mpamafy, rehefa nivoaka ny mpamafy iray ka namafy voa. Ary anankiray . . . Tonga ny fahavalo ka namafy ahi-dratsy vitsivitsy tao amin'ilay vary. Hoy izy hoe, "Avelao izy ireo hiara-haniry."

117 Ianareo dia manondro foana hoe lasa ratsy fanahy toy ny ahoana izao tontolo izao, saingy diso amin'ny fahitana ianareo hoe lasa matanjaka toy ny ahoana ilay Fiangonana, amin'ny fotoana iray ihany. Mitsangana Izy, mijoro eo amin'ny saha. Oh, ondry kely iray Izy, saingy, rahalahy, miaraka aminy Andriamanitra. Ary handresy Izy azo antoka mihitsy tahaka an'i Kristy nitsangana tamin'ny maty. Amena. Tsy ho diso mihitsy ny Fiangonan'Andriamanitra. "Tsy haharesy Azy ny vavahadin'ny helo." Naneho fa izy ireo dia hanohitra Azy, saingy tsy haharesy izy ireo. Handresy ny Fiangonana, amin'ny alàlan'ny Ràn'i Jesosy Kristy, amin'ny fandehanam-pandresena. Pozitifa amin'ity zavatra anankiray ity aho, hoe Andriamanitra dia hanana Fiangonana tsy misy pentina, fikentronana, na kilema. Amena. Tena faly aho ny amin'izany.

118 Ankehitriny, "Raha ao anatin'izany Fiangonana izany aho." Amena. "Rahalahy Branham, ahoana no idiranao ao anatin'Izany, amin'ny alàlan'ny taratasy ve?" Tsia. "Ahoana no idiranao ao anatin'Izany?" Amin'ny alàlan'ny Fahaterahana; teraka tao amin'Izany!

119 Efa tao amin'ny fianakaviana Branham aho, ho dimy amby efapolo taona izay, ny andro fahenina an'ity Aprily ho avy ity, ary tsy nangataka ahy mihitsy izy ireo mba hikambana amin'ny fianakaviany. Teraka Branham iray aho. Ho Branham iray foana aho.

120 Teraka Kristiana iray aho, ao amin'i Jesosy Kristy. Ho Kristiana iray aho, satria Andriamanitra no nanendry an'izany, tamin'ny alàlan'ny fifidianana. Niantso antsika Izy, tamin'ny alàlan'ny fahasoavan'Ny Zanany malalany Manokana. Nanaiky Azy isika ary manana Fiainana Mandrakizay. "Tamin'ny fandraisan-tànana anankiray ve"? "Tamin'ny maha-mambra anankiray ve"? "Tamin'ny taratasy anankiray ve"? "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray, Jesosy Kristy," ary eo dia lasa olona teratanin'ny Fanjakana.

121 Nieritreritra aho androany, raha nivavaka tany, hoe ahoana fa izao no ilay andro izay tsy maintsy hamaliantsika. Izaho tsy hamaly ho an'ny taranaka izay tany alohako, na ny taranaka izay ho aoriako. Fa, ao amin'ny Fitsarana, dia hitsangana miaraka amin'ity taranaka ity aho. Ary hoy aho hoe, "Jereo eo, sarin'ny vehivavy iray eo amin'ny takela-by, misotro labiera, zavatra anankiray hafa, nilaza fa izy dia 'tsy manana fofonaina,' na zavatra anankiray." Hoy aho hoe, "Eny, ary tsy manana Aina, ihany koa." Eny àry. Eo ianareo izao. Hoy aho hoe, "Fahafambaraka toy ny inona!"

122 "Miaraka amin'ny fitorian-teny rehetra," hoy aho, "indraindray izany dia toy ny hoe," niteny tamin'ny vadiko aho, hoy aho hoe, "indraindray izany dia toy ny hoe tsy mahavita soa. Fa izaho dia tsy maintsy ho ilay feon'ny fampitandremana, na ahoana na ahoana, tsy mampaninona izay ataon'ny olona mikasika an'izany. Tsy maintsy mitory ny Filazantsara aho, na ahoana na ahoana, ary mijoro vavolombelona ny amin'ny fitsanganana sy ny Herin'i Jesosy Kristy." Avelao izy ireo handao an'Izany, ary hanodina ny lamosiny; Andriamanitra no hitsara azy ireo ao amin'ny Fitsarana ny amin'izany. Tompon'andraikitra fotsiny ihany amin'ny fitoriana aho, ary ireo mpitoriteny hafa ihany koa, izay mitory ny Filazantsara.

123 Ankehitriny, tiako fotsiny Izany. Mariho, "Mandrosoa ankehitriny," dia ho hitanareo ny voninahitr'Andriamanitra. Fa, henoy, ny andininy faha-16 ankehitriny. Vakiantsika izany.

Fa aingao . . . ambony ny *tehina,* . . .

124 "Ny tehina," ny tehin'ny fitsarana izany. Ankehitriny, tsy tehin'i Mosesy izany. Tehin'Andriamanitra izany. Raha hahamarika ianareo, Mosesy, nalainy io tehina io, nazoniny ambony tahaka an'*izao* izany, dia tonga ny parasy. Nazoniny teo ambonin'ny rano izany, dia nivadika ho rà ilay izy. Izany no tehin'ny fitsaran'Andriamanitra. Ary ilay tehina iray ihany . . .

Raiso izany! Tamin'io tehina iray io ihany no nikapohany ny vatolampy; ary tonga teo amin'ny ilan'ilay vatolampy ny fitresahana iray, ka nivoaka avy tao amin'ny vatolampy ny rano.

125 Ankehitriny, ilay vatolampy dia Kristy, ary izany no fitsaran'Andriamanitra. "Ny andro izay ihinananao, dia izany andro izany no ahafatesanao." Nikapoka an'i Kristy teo Kalvary, ary nandoa an'ilay fahafatesana mangidy, mampahory. Tsy misy olona, afaka namariparitra an'izany mihitsy, na tsy hisy mihitsy. Teo no nametrahan'Andriamanitra ny fitsarana Masina rehetra teo Aminy, ary nikapoka Azy teo amin'ny lanivoho, rehefa nivoaka avy teo amin'ny Lanivohony ny rano sy ny Rà ary ny Fanahy, ho an'ny fanavotana antsika.

126 Toy ny ahoana no andokoan'ny olona ny Sariny, matetika, miaraka amin'ny akanjo lava manodidina Azy, na zavatra iray hafa, teo amin'ny hazo fijaliana. Tsy tahaka an'izany ilay izy. Nataon'izy ireo tamin'io Lehilahy io, ny zavatra ratsy, maloto rehetra izay azon'izy ireo natao; saingy tsy maintsy niaritra Izy. Teo Izy, ilay ambony indrindra sy mahatoky indrindra teto amin'izao tontolo izao, izay hany nisy na hisy. Ary avy eo dia naharihary, nitanjaka, teo amin'ny hazo fijaliana; voalefona, nokapohina, nivoa-drà; rehoky ny mpaneso no nikoriana teo amin'ny Tavany; satroboninahitra tsilo fanesoana iray no teo amin'ny Lohany. Fa teo no Nandreseny ny fahafatesana, helo, fahotana, aretina, sy ny fasana, ary nandoa ny vidiny ho antsika rehetra.

127 Voalaza matetika, indraindray hoe, "Teo no Nanesorany ny fanindronan'ny fahafatesana." Teo no nilazan'i Paoly hoe, "O ry fahafatesana, aiza ny fanindronanao?"

128 Nilazana aho fa bibikely maro, ireo tantely sy ny sisa, manana fanindronana iray izy ireo, ary poizina izy ireo, miaraka amin'izany. Fa vao manindrona indray mandeha izy ireo, dia mahavery ny fanindronany.

129 Ny fahafatesana dia nanana fanindronana iray tao aminy, indray mandeha; fa Kristy, teo amin'ny Kalvary, dia nanaisotra an'ilay fanindronan'ny fahafatesana. Haleloia! Oh, rehefa mieritreritra an'izany aho! Teo no Nanesorany ny fanindronan'ny fahafatesana, ho ahy sy ho anareo, ny fanindronan'ny fahafatesana rehetra.

130 Nilaza i Paoly, rehefa nandeha hanapaka ny lohany izy ireo, tao amin'ny tranomaizina Romana, dia ho izy hoe, "Ry fahafatesana, aiza ny fanindronanao?" Nanondro an'i Kalvary, ary teo no nanesorana an'ilay fanindronan'ny fahafatesana. "Ry fasana, aiza ny fandresenao?" Hoy izy hoe, "Fa isaorana anie Andriamanitra, izay manome antsika ny fandresena amin'ny alàlan'ny Jesosy Kristy Tompontsika." Amena. Eny àry.

. . . ilay *tehina* (ilay fitsarana), *ary ahinjiro* izany . . .
hanarona *ny—ny ranomasina, ka saraho izany: dia*

handeha hamaky eo ambonin*'ny tany maina eo afovoan'ny ranomasina ny zanak'Isiraely.*

Ary izaho, indro, izaho hanamafy ny fon*'ny Egyptiana, ka hanaraka* anao *izy ireo*: *dia hankalazaina aho eo amin'i Farao, sy eo amin'ny miaramilany rehetra,* sy *eo amin'*ireo *kalesy, ary eo amin'*ireo *mpitaingin-tsoavaly.*

Dia ho fantatry ny Egyptiana fa izaho no Tompo, ary *ankalazaina aho eo amin'i Farao,* sy *eo amin'ireo kalesiny, ary eo amin'ireo mpitaingin-tsoavaliny.*

Ary ilay anjelin'Andriamanitra, . . .

131 Henoy! Hanereo ilay fiadiana ankehitriny. "Ary ilay Anjelin'Andriamanitra, izay nandeha teo alohan'ny tobin'ny Isiraely," mbola eto foana Izy.

. . . ilay anjelin'Andriamanitra, izay *nandeha teo alohan'ny tobin'ny Isiraely, dia nifindra ka nankao* aorian*'izy ireo; ary ny andry rahona nifindra niala avy teo alohan'izy ireo, dia nijanona teo aorian'izy ireo:* (na, niakatra avy *teto,* dia nitsangana teto aoriana *teto;* lasa mpanelanelana iray amin'ny andro fahoriana.)

132 Rehefa manomboka manatrika anareo ny olana, ny aretina amin'ny lafiny rehetra, olana, dia tonga ilay Anjelin'Andriamanitra, manelanelana anareo sy ny aretina, ary mitsangana eo amin'ny làlana, mihaika anareo handray ny Tenin'Andriamanitra.

133 Nanome ny teny fikasana ho an'ny Isiraely Andriamanitra, fa hiditra ao amin'ilay tany izy ireo. Nisy iray tapitrisa, angamba, an'ireo lehilahy, tonga, hanenjika azy ireo sy hamely azy ireo, ary hanapaka azy ireo, tahaka ny andiana biby. Saingy ilay Anjelin'ny Tompo, Izay tany mba hitarika azy ireo ho any amin'ilay tany nampanantenaina, no nitsangana avy teo amin'ilay toby ary nandeha ka nitsangana teo anelanelan'izy ireo sy ny loza.

134 Haleloia! Mbola manao an'izany foana Izy. Hanao làlana Izy. Oh, tiako fotsiny Izy ny amin'izany, ary ianareo? Hanao làlana ho an'ny olona marary rehetra izay mipetraka eto Izy izao ankehitriny izao. Efa nanao ny làlana Izy, ary mitsangana eo anelanelanareo sy ny olana Izy.

135 Ary fantatro fa eto Izy izao ankehitriny izao. Afaka miantso ahy ho fanatika iray ianareo raha tianareo; tsy tompon'andraikitra amin'izay lazainareo aho. Fa tompon'andraikitra amin'izay lazaiko aho, eo anatrehan'Andriamanitra. Fa Izy Izay nitarika ny zanak'Isiraely, raha nitsara marina an'izany aho, mikasika an'io Hazavana izay hitanareo izao hariva izao io, na hita eo amin'io sary io. Ataoko fa napetrany izy ireo izao hariva izao. Ilay Anjelin'Andriamanitra iray ihany dia ato amin'ity tranobe ity izao ankehitriny izao,

manao marina tokoa an'izay nataon'i Jesosy tamin'izany andro izany. Eto Izy mba hanamarina. Izay Nataony tamin'izany mihitsy, no Ataony ankehitriny, ary ho toy izany foana. llay Anjelin'Andriamanitra, mihetsika mba hitsangana eo anelanelantsika sy ny aretina, hitsangana eo anelanelantsika sy ny fahafatesana.

136 Tsy mahagaga raha hoy i Davida hoe, "Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny ratsy aho: fa Ianao no miaraka amiko." Azo antoka.

137 Nitsangana teo, ilay Anjelin'Andriamanitra izay nandeha teo alohan'ny tobin'Isiraely, ary lasa, ka nandeha sy nitsangana teo anelanelan'izy ireo sy ny fahavalo.

138 Ary ilay Anjelin'Andriamanitra dia mitsangana, izao hariva izao, eo anelanelan'ny isam-batan'olona tsirairay eto sy ny fahavalo. Fantatro izay resahako. Fantatro, fa raha mbola mitsangana eto amin'ny lampihazo ankehitriny, eto anatrehan'ity vondron'olona kely ity izao hariva izao, dia fantatro fa nanetry tena Andriamanitra, nidina avy tany amin'ny Voninahitra, ary mitsangana ato amin'ity tranobe ity ankehitriny. Raha ho sahy hivoaka araka ny Tenin'Andriamanitra fotsiny ianareo, dia jereo raha tsy mandroso eo anoloanareo Izy. Diniho.

139 Ary tonga teo anelanelan'ny toby sy ny Egyptiana Izany. Tonga eo anelanelanareo sy ny aretina Izy. Mitsangana eo anelanelanareo sy ny fahotanareo Izy, izao ankehitriny izao. Nahoana? Ao amin'ny fifindran'ilay Fiangonana isika. Egypta dia nantsoina foana hoe izao tontolo izao, ary rehefa Isiraely no nivoaka avy tao . . . Tsarovy, izy ireo dia mambram-piangonana tany. Fa rehefa vita ny rà sy ny fanaovam-panavotana, dia lasa voaforan'Andriamanitra izy ireo.

140 Ary ny famoràna, amin'izao andro izao, dia ny batisan'ny Fanahy Masina. "Ny rehetra," hoy Stefana, "ianareo rehetra tsy voafora fo sy sofina, nahoana ianareo no manohitra foana ny Fanahy Masina? Tahaka ny nataon'ny rainareo, dia izany koa no ataonareo." Ny Fanahy Masina no mamora ao anatin'ny fo, manaisotra an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Taloha dia ilay fiangonan'ny fahamasinana tamin'ny fanao fahiny no niaina an'izany, nihetsika tahaka an'izany, niaina tahaka an'izany. Fa, amin'izao andro izao, dia tahaka ny sisa amin'izao tontolo izao fotsiny izany. Fahafaham-baraka iray izany. Navelantsika hilatsaka ireo sakana.

141 Hoy Rahalahy Spurgeon antitra taloha, mpitoriteny Metodista antitra iray sakaizako, nihira hira iray taloha hoe:

> Navelantsika hilatsaka ireo sakana, navelantsika hilatsaka ireo sakana,
> Nanao marimaritra iraisana tamin'ny fahotana isika.

Navelantsika hilatsaka ireo sakana, nivoaka ny ondry,
Fa ahoana no nidiran'ireo osy?

142 Satria navelanareo hilatsaka ilay sakana! Izay ilay izy. Navelanareo hilatsaka ilay modelin'ny fiainana Kristiana, satria nafoy mpitoriteny vitsivitsy ireo seminera ary nandefa azy ireo hanao marimaritra iraisana tamin'ny Fahamarinana. Fa teo foana ny Fanahy Masina mba hanameloka ny fahotana, ary mitsangana izao hariva izao eo anelanelan'ny mpino sy ireo zavatr'izao tontolo izao. Amena.

*Ary tonga teo anelanelan'ny tobin'*ny *Egyptiana sy ny tobin'ny Isiraely izany; ary rahon'*ny *aizina izany ho azy ireo, fa nanome hazavana kosa izany tamin'ny alina ho an'ireto: mba tsy hanakaikezain'ilay anankiray amin'ilay hafa mandritry ny alina manontolo.*

143 Jereo, ilay zavatra iray ihany izay nomena an'*ity* vondron'ny mpino ity, Hazavana, no nanajamba *azy ireo*.

144 Eny àry, anaovy ny palitao fiarovam-pifandonanareo. Indro tonga ilay izy. Jereo, ny olona rehetra izay mandà ny Hazavana dia lasa jamba ka mandeha ao amin'ny aizina satria tsy manaiky ny Hazavana ianareo. Amena. Mandefa an'ireo mpitoriteny izay mitory ny Filazantsara Andriamanitra. Mandefa an'ireo famantarana sy fahagagana eo anivon'ny olona Izy, mba hanamarina an'Izany ho ny Fahamarinana; ary raha lavin'ny olona Izany, dia tsy misy na inona na inona tavela ho anareo afa-tsy ny aizina. Mandehana ao amin'ny Hazavana raha mbola mamiratra ny Hazavana, ry rahalahiko. Raiso ny Hazavana. Kristy no Hazavana. Tonga mba hitondra Hazavana ho anareo Izy. Fa ireo izay nandà ny Hazavana dia nandray ny aizina. Ary ny lehilahy sy vehivavy rehetra, izao hariva izao, izay mandà ny Hazavana, dia mandeha ao amin'ny aizina, tsy mahafantatra izay halehany. Mivembena tsara eo mihitsy izy, malaza amin'ny olona, saingy manontany hoe ahoana no itsanganany ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

145 Mariho izany! Zavatra iray mahafinaritra toy ny inona eto. Izy no Hazavana ho an'ny anankiray, ary aizina ho an'ilay hafa. Ireo Isiraelita, avy eo, rehefa avy nivavaka i Mosesy, dia afaka nipetraka am-piadanana izy ireo. Diniho ankehitriny.

Ary naninjitra ny tànany teo amin'ny ranomasina i Mosesy; ka nampisava ny ranomasina tamin'ny rivotra mahery ny Tompo *nandritr'io alina manontolo io, ary nanao ny ranomasina ho tany maina, ka nisaraka ny rano.*

Dia nandeha teo *afovoan'ny ranomasina teo ambonin'ny tany maina ny zanak'Isiraely:. . .*

146 Raha hanamarika ianareo, raha ireo zanak'Isiraely, izay nivoaka avy tao amin'ny aizina ka nanaiky ny Hazavana, rehefa tao anatin'ny olana izy ireo, dia niverina nankao aoriana ilay Hazavana. Ary natory izy ireo ny alina manontolo. Ary raha mbola natory izy ireo, dia nandefa rivotra iray Andriamanitra, nitsoka nanerana ny ranomasina, nanokatra làlana handosirana iray.

147 Haleloia ho an'ilay Zanak'ondry! Tena faly aho fa nofenoina ny Fanahy Masina aho, izao hariva izao. Raha mbola matory isika, mifaly, mitsahatra ao amin'ny teny fikasan'Andriamanitra!

148 Nampanantena azy ireo Andriamanitra, hanao làlana handosirana iray. Ary raha mbola nitsahatra teo amin'io teny fikasana io izy ireo, dia teo Andriamanitra, teo alohan'izy ireo, nanokatra làlana iray.

149 Ny lehilahy sy vehivavy tsirairay, izao hariva izao, izay hanaiky an'i Jesosy Kristy eo amin'ireo fototra ireo; ny Fanahy Masina, raha mbola matory ianareo, raha mbola mitsahatra ao amin'ny Fampanantenany ianareo. Angamba kilemaina iray ianareo; angamba jamba ianareo; angamba tsy afaka mandre ianareo; angamba tsy afaka mahita ianareo; angamba marary ianareo; aretim-po, homamiadana, na zavatra iray, eo am-pahafatesana. Ekeo ilay Hazavana, izao hariva izao, ary mitsahara eo ambonin'Izany.

150 Ary ny rivotra, tonga tahaka ny rivotra mahery nifofofofo iray tamin'ny Andron'ny Pentekosta, no handalo eo ka hanokatra làlana iray ho anareo, haleloia, mba hitetezanareo avy hatrany an'io lohasahan'ny aretina io, miverina avy hatrany mankao amin'ny tanin'ny fahasalamana indray. Hitety avy hatrany an'io tanin'ny fivavahana mangatsiaka, ara-pototra, voafatotra, tsy miraika io ianareo; hankany amin'ny fo feno ny Fanahy Masina, sambatra, mifaly, feno hafaliana.

151 Maneho ny Heriny Andriamanitra, ary efa naneho an'izany. Miala tsiny aho, miteny mafy loatra aho. Naneho ny fanavotana amin'ny alàlan'ny hery. Naneho ny rà Izy tany aoriana tany, teo amin'ny zavatra anankiray. Naneho ny Heriny Izy teto, tamin'ny alàlan'Ny Ràny, tamin'ny alàlan'ny fanavotana. Naneho ny Heriny handosirana ny fahafatesana, tamin'ny alàlan'ny rà. Naneho ny Heriny Izy mba hanao làlana handosirana iray, tamin'ny alàlan'ny herin'ny fanavotana.

152 Ary, androany, ianareo izay nanaiky, amena, ianareo izay nanaiky ny Ràn'i Jesosy Kristy, mba hanadio anareo amin'ny fahotana, dia eto ny herin'ny Fanahy Masina hitarika anareo hankany amin'ny batisan'ny Fanahy Masina. Eto ny Herin'Andriamanitra hanova anareo avy amin'ny aretina mankany amin'ny fahasalamana. Andriamanitra, manohy mandroso, ao amin'ny fifindran'Ny Fiangonany! Miditra ao

amin'ny famoniana Izy, izay hanangonan'Andriamanitra, afaka kelikely, ny Voany. Mahafinaritra, mivoaka avy ao amin'ny aizina, mankao amin'ny Hazavana mahafinaritra! Toy ny ahoana no itiavantsika an'izany! Toy ny ahoana no itiavako! Inona no dikan'izany ho an'ny fanahiko, izao hariva izao! Ry sakaiza, ianareo . . .

153 Niresaka tamin'ny lehilahy iray aho androany, izay vao avy nihaona tamiko raha mbola tao ivelany aho. Dia hoy izy hoe, "Efa niezaka niteny tamin'ny olona aho." Hoy izy, "Niova betsaka aho, ry Billy, hatramin'ny naha-ankizy anao." Hoy izy, "Nandalo ianao taloha ka niteny tamiko, tao amin'ny toeram-piasako, fa tokony hahitsy amin'Andriamanitra aho, tokony hahitsy amin'Andriamanitra aho." Ary hoy izy, "Somary naneso anao aho. Saingy," hoy izy, "Billy, niova ireo zavatra ankehitriny." Hoy izy, "Fantatro ankehitriny izay resahanao."

Nieritreritra aho hoe, "Deraina Andriamanitra!"

154 Hoy izy hoe, "Miezaka aho miteny amin'ireo hafa mikasika an'izany," ary hoy izy, "hanova an'ilay lohahevitra izy ireo ka lasa miresaka mikasika gazety mahatsikaiky iray na zavatra iray. Oh, tsy izaho izany. Io zalahy manaraka eto amin'ny zorony io, mety maty izy. Izy no anankiray manaraka. Angamba ny nomeraony no anankiray manaraka, tsy mahafantatra hoe nomeraon'iza no manaraka." Mety ny anareo izany, izao hariva izao, ry sakaiza. Mety ho ity no fotoana iantsoan'Andriamanitra anareo.

155 Andriamanitra, ilay Fanahy Masina lehibe, izay mitsangana eto izao hariva izao, eo anelanelan'ny fahafatesana sy Fiainana; izay mitsangana eto izao hariva izao, eo anelanelan'ny aretina sy ny fahasalamana. Fantatro izay resahako. Marina izany. Izao ankehitriny izao, ilay Fanahy Masina iray ihany izay tsapanareo ankehitriny, ny olona tsirairay nateraka indray dia voatery hahatsapa an'izany Fanahy izany ato amin'ny efitra. Tsy misy azonareo atao. Raha manana Fiainana ianareo, dia fantatrareo fa eo Izany. Eny àry.

156 Ahoana fa tahaka ny andriam-by iray, rehefa izy no . . . Rehefa tonga manakaiky an'ilay fitaovana ny andriam-by lehibe iray, dia manomboka mihetsika izy ary mandadilady, (nahoana?) manakaiky kokoa izy. Tahaka ny nidinan'ny andriam-by goavana iray, teto, indray mandeha, tany Hammond, Indiana. Nandinika azy ireo naka an'ireo poti-javatra aho, teo amin'ny gorodona. Nisintona fisintonana goavana be iray izy ireo; nidina ny andriam-by goavana be iray. Ary nofafan'izy ireo nankeo afovoan'ny gorodona ireo poti-javatra rehetra. Ary raha nandalo izy, ireo poti-javatra rehetra izay noraisin'ilay andriam-by rehetra ireo, vy, dia nandeha niakatra avy hatrany ary nandeha niaraka tamin'ilay andriam-by, nivoaka. Ary nesorin'izy ireo ny andriam-by an'izany, nandatsaka an'izany tao amin'ilay trano

boribory, ka nandasitra an'izany indray. Nisy poti-javatra alimo betsaka tavela teo. Hoy aho hoe, "Nahoana izy ireo no tsy nandeha?"

Hoy izy hoe, "Tsy raisin'ilay andriam-by izy ireo."

157 Hoy aho hoe, "Deraina Andriamanitra." Hoy aho hoe, "Nahoana ireto no tsy nandeha, io eto io, io ampaham-by io?"

Hoy izy, "Raha mahamarika ianao, dia voaraikitra izy."

158 Ary saiky tahaka an'izany ny olona maro izao hariva izao, ry sakaiza. Lasa mambram-piangonana iray ianareo, saingy tsy misy andriam-by amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina. Noho izany dia mamela zavatra mamatotra anareo ianareo, fahasamihafana iray, mamatotra anareo.

159 Fa indray andro any, dia hisy andriam-by lehibe iray avy any Atsinanana ho avy, antsoina hoe ny Zanak'Andriamanitra, izay hitety an'ity tany ity. Ka ny olona tsirairay izay maty ao amin'i Kristy dia hitsangana miaraka Aminy, handeha any ankoatra. Ary hovaina ireto vatana antitra ireto ka hatao hitovy Aminy, ao amin'ny Vatany Manokana be voninahitra, ka ho velona mandrakizay sy mandrakizay isika, afaka amin'ny aretina, afaka amin'ny fahanterana, afaka amin'ny zavatra hafa rehetra; ary ao amin'ny Voninahitr'Andriamanitra, mba ho velona ao amin'Ny Fanatrehany voatahy mandrakizay. Amena. Aza avela hampitahotra anareo izany. Mahatsapa ho mpivavaka aho izao ankehitriny izao. Azoko antoka fa mahatsapa aho. Eny àry.

160 "Satria fantatro fa velona ny mpanavotra ahy, ary hitsangana eto ambonin'ity tany ity Izy amin'ny andro farany; na dia ravan'ny kankan'ny hoditra aza ity vatana ity, dia mbola hahita an'Andriamanitra ao amin'ny nofoko aho; izay ny tenako no hahita; ny masoko no hibanjina, fa tsy ny iray hafa."

161 Aza mihevitra fa adala aho. Tsy izany aho. Raha izany aho, dia avelao fotsiny aho hipetraka tsara. Sambatra kokoa aho amin'izao fanao izao noho izaho tamin'ilay fanao hafa. Eny, tompoko. Avelao fotsiny aho hijanona tahaka an'izao. Oh, azo antoka, "adala," ho an'izao tontolo izao, satria, ireo zavatra izay antsoin'izao tontolo izao hoe adala, no antsoin'Andriamanitra hoe sambatra. Ianareo tsy maintsy "mahavery ny sainareo," ho an'ity izao tontolo izao ity, satria (nahoana?) tsy avy amin'ity izao tontolo izao ity ianareo.

162 Rehefa miampita an'io tsipika mampisaraka io ianareo, dia lasa olona teratanin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Oh, oadray! Tsara toy ny ahoana izany? Nahoana, lasa olombaovao ianareo, (oh, oadray) novaina avy amin'ity izay mahaizy anareo ankehitriny ity. "Zanak'Andriamanitra ianareo ankehitriny. Ankehitriny dia miara-mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra isika." Tsy hoe, "isika dia ho," ao amin'ny Arivo taona. Izany isika ankehitriny, izao ankehitriny izao

dia zanak'Andriamanitra isika. "Izao ankehitriny izao dia miara-mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra isika, ao amin'i Kristy Jesosy," tsy ao am-piangonana fotsiny, "ao amin'i Kristy Jesosy."

163 Eto ilay Tompo Jesosy nitsangana. Eto Izy ao amin'ny Heriny. Eto Izy ao amin'ny Herin'ny fanavotany. Eto Izy ho an'ilay fifindrana. Eto Izy hampiditra ny mambram-piangonana tsirairay ao amin'ny fiombonana miaraka Aminy. Eto Izy hitondra ny mpanota tsirairay, tsy mampaninona na ambany toy ny ahoana aza ianareo, eto Izy hampiditra ny herin'ny Fitsanganany ao amin'ny fiainanareo ka hanao anareo ho olombaovao.

164 Teto, taona vitsy lasa izay, nivory ireo fivavahana rehetra an'izao tontolo izao, mino aho fa tany Londres ilay izy, Angletera, na tany ho any. Tsy tsaroako marina. Fa, rehefa niresaka ho an'ireo fiangonana samihafa izy ireo, ireo Mohametana, sy ireo Bouddha, ary ny zavatra rehetra. Ny kely . . . lehilahy iray izay nisolo tena ny fiangonan'ny Fahamasinana Amerikana, John Witt, mino aho, izay no anarany. Koa noho izany rehefa nitsangana izy, ny fotoana hiresahany, ireo fivavahana rehetra dia voasolo tena tao amin'io fiangonana lehibe io, dia niteny ny tantaran'i Lady Maccabee izy, hoe ambany toy ny ahoana izy; voasambotra tany Oklahoma, niaraka tamin'ny sigara iray teo am-bavany, namily ny . . . na nandika ny lalàn'ny hafainganam-pandeha, nandeha nanerana an'ireo làlambe niaraka tamin'ny voatiry iray. Nahavita famonoan'olona maro be izy, ary tena naloto, sy tena ratsy toetra, hany ka, rehefa nandeha nankeo amin'ny godorao izy ireo ka nametraka volom-borona teo aminy, dia tsy te-hametraka ny tànany teo aminy akory aza izy ireo, natahotra ny ho voaloto izy ireo.

165 Ary rehefa avy niteny an'ilay tantara tao amin'ny fomba mampivarahontsana tahaka an'izany izy, hany ka nipetraka teo amin'ny tendron'ny sezany ny mpihaino rehetra. Hoy izy hoe, "Tompokolahy, amin'ireo fivavahan'ity izao tontolo izao ity, manana zavatra iray ve ny fivavahanareo izay mety hanadio ny tànan'i Lady Maccabee?" Tsy nisy olona nilaza teny iray. Mitsambikina teny amin'ny rivotra izy ary nampiady ny voditongony, ary nitehaka ny tànany. Hoy izy hoe, "Ny Ràn'i Jesosy Kristy dia tsy hanadio ny tànany fotsiny ihany, fa hanadio ny fony Izany." Amena. Marina izany.

166 Ny Ràn'i Jesosy Kristy dia haka an'ilay mpivarotena ambany indrindra eto Louisville, Kentucky, ka hanao ramatoa iray, olo-masina iray avy aminy. Hanaisotra an'ilay mpanao toaka sandoka avy ao amin'ny toerany any Izany, ka hanao lehilahy mihaja iray avy aminy, ary olo-masin'Andriamanitra iray.

167 Ry sakaizako, teratanin'ny Fanjakana, ry lehilahy sakaizako avy eto Kentucky sy Indiana, ary ny manodidina! Tsy mihevitra ve ianareo, izao hariva izao, fa izao no saiky fotoana hiheveranareo an'io Tompo Jesosy io, alohan'ny anesorana ny anjaranareo farany?

168 Rehefa, mahita an'ilay Fiangonana miditra ao amin'io fifindrana lehibe io ianareo, mahita an'ilay Andry Afo mitarika eo anoloantsika; mitsangana, manao fahagagana sy famantarana. Eto Izy, izao hariva izao, ao amin'ny Herin'ny fanavotany rehetra. Eto Izy hanasitrana, ny mpanota tsirairay, hamerina ny mpiverin-dàlana tsirairay. Eto Izy hanasitrana ny olona marary tsirairay.

169 Izy no Filazantsara feno. Ary mitory ny Filazantsara feno isika; mihinana an'ilay Zanak'ondry manontolo. Endaso miaraka amin'ny Fanahy Masina Izany, dia fantaro fa tsara ho hanina Izany, satria ny Fanahy Masina no efa nanamasina an'izany ho antsika hoe tena tsara Izany. "Andramo ka jereo, fa tsara ny Tompo. Matsiro tahaka ny tantely ao anaty vatolampy Izany."

170 Eto Jesosy Tompontsika, ao amin'ny Fitiavany sy ny heriny, ao amin'ireo Fitahiany manavotra lehibe! Oh, toy ny ahoana no Itsanganany eo anelanelan'ny fiangonana sy ny fahotana, izao hariva izao! Ahoana no Itsanganany eo anelanelanareo sy ny fitsarana; mivoa-drà, mivavaka!

171 Teto vao tsy ela akory izay, nandeha tao amin'ny toerana iray aho teto tany Ohio, izay nisy ahy saika hanomezako ny hevitro fotsiny mikasika ny fitsarana. Nihinana tao amin'ny trano fisakafoanana Dunkard kely iray aho. Nanana fivoriana lehibe iray izahay. Tsy maintsy nijanona tany amin'ny maily maro ivelan'ny tanàna aho, tao amin'ny tranom-bahiny iray. Nihinana tao amin'ny trano fisakafoanana Dunkard iray aho; vahoaka mahafinaritra maha-te-ho tia, ary nikatona izy ireo ny Alahady ka nandeha nankany am-piangonana. Tsy maintsy nandeha niampita nankao amin'ny toerana Amerikana tsotra kely iray, mahazatra aho, mba hihinana ny sakafoko hariva.

172 Rehefa niditra ny varavarana aho, tamin'ny fahatairako, dia nitsangana teo ny polisim-panjakana iray niaraka tamin'ny sandriny nanodidina ny zazavavy iray, nilalao milina fahazoam-bola iray. Ankehitriny, tsy ara-dalàna ny filokàna any Ohio, nefa ilay olon'ny lalàna izy tenany no mandika ny lalàna. Ary angamba, lehilahy iray amin'ny taonako, manambady angamba, miaraka amin'ny fianakaviana iray any ho any; miaraka amin'ny sandriny nanodidina ramatoa tanora iray nitsangana teo.

173 Nijery teny aorian'ilay trano fisakafoanana aho, zazalahy vitsivitsy nipetraka teo aoriana teo, mamo, ary ramatoa tanora iray tsy nihetsika mendrika mihitsy. Nijery aho, nipetraka, teo

amin'ny ilany ankavanako teto, teo amin'ny tranoeva iray. Fa, vonona ny hipetraka aho.

174 Nisy ramatoa antitra iray nipetraka teo, nanodidina ny valo amby dimampolo, enimpolo taona teo ho eo, antitra tahaka ny reniko; nipetraka teo, nikentrona tanteraka ny hoditra, nanao an'ireo akanjo bitika kely. Ary, oh, nahatsiravina ilay izy. Ary ireo hohon-tongony niloko volomparasy, ny molony niloko volomparasy, ny fahitana mahatsiravina indrindra izay hany hitanareo. Ny volony tapaka tena fohy ary mitsangana tahaka an'*izao*. Ary nisotro izy.

175 Nisy lehilahy roa teo nipetraka niaraka taminy, nipetraka teo, tena mahatsiravina, mamo, ary ny iray tamin'izy ireo dia nandry nitsivalana teo amin'ireo takelaky ny latabatra. Ary rehefa nifanao azafady izy ireo, ka nandeha nivoaka nankao amin'ny trano fivoahana . . .

176 Nitsangana teo aho. Nieritreritra aho hoe, "O Andriamanitra, ahoana no Ahafahanao hahatanty an'izany? Ahoana no Ahafahanao hijery zavatra tahaka an'izao? Nefa, ato am-poko mihitsy aza, ary ratsy tahaka ny maha-izy ahy aho, kanefa, mbola manontany foana aho hoe raha i Sarah sy Rebekah keliko no tsy maintsy ho lehibe ao anatin'ny taranaka iray tahaka an'izao mba hahita an'izao hiseho. Tompo, nahoana no tsy Fafanao fotsiny hiala amin'ny tavan'ny tany izany?" Nieritreritra aho hoe, "Nahoana no tsy Ataonao fotsiny izany, Tompo?"

177 Nipetraka teo aho ary nanomboka nitomany fotsiny. Nahita fahitana iray aho. Hitako, ilay izy dia toy ny hoe, nihodinkodina teny amin'ny habakabaka izao tontolo izao, ary nisy avana iray nitsangana nanodidina an'io izao tontolo izao io. Ary ilay olona iray izay niresaka tamiko, dia nanao hoe, "Io ny Ràn'i Jesosy Kristy, manodidina an'ity izao tontolo izao ity, izay misakana Azy tsy handrava an'izany. Raha afaka mahita ny fahotana Andriamanitra, 'Ny andro ihinananao an'izany, dia izany andro izany no ahafatesanao.' Ny olona rehetra eo ambanin'io Rà eo io, dia manana ny . . . dia manana safidy malalaka, hanao ny safidinareo. Fa raha hany maty ianareo, ka miakatra any ankoatry ny famindrampon'io Rà io ny fanahinareo, dia efa voatsara sahady ianareo alohan'ny ahatongavanareo eo. Tsy misy na inona na inona tavela ho anareo."

178 Tamin'izay fotoana izay dia nahita ny tenako aho. Nahita an'i Jesosy Tompoko nitsangana teo aho, niaraka tamin'ny satroboninahitra tsilo teo amin'ny Lohany, ary nikoriana ireo ranomaso, nifangaro tamin'ny rà, toy ny hoe nanasa ny Volombavany ilay izy. Ary nahita an'ireo fahotako tonga teo Anatrehany aho, ka isaky ny tonga teo Anatrehany tahaka an'izany izy ireo, [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . hany ka nangovitra Izy. Nisitrika tao anatin'ny Handriny ireo tsilo,

betsaka kokoa. Nivembena nihemotra Izy. Hoy Izy hoe, "Ray, mamelà azy, tsy fantany izay ataony." Ary nanao zavatra iray indray aho, ary tamin'izay fotoana izay Ny Ràny dia tahaka ny arom-pifandonana iray eo amin'ny fiara, niaro an'ilay fiara, niaro ahy tamin'ny fahatezeran'Andriamanitra, tsy mendrika.

179 Dia nanatona Azy aho, moramora, nandohalika teo Aminy. Hoy aho hoe. . . Niondrika teo, nipetraka teo anoloako, ary nisy bokim-pahotana tranainy iray, ka voasoratra teo amin'ny tampony ny anarako. Hoy aho hoe, "Tompo, hamela ahy ve Ianao?"

180 "Izany tokoa," hoy Izy, niaraka tamin'ny maso tia; naninji-tànana teo amin'ny Lanivohony, naka Rà iray, ary nanoratra teo ambonin'izany hoe, "Voavela." Ary nanary an'izany tany amin'ny Ranomasin'ny Fanadinoina. Hoy Izy hoe, "Ankehitriny. . . "

Hoy aho hoe, "Misaotra Anao, Tompo."

181 Hoy Izy hoe, "Ankehitriny, mamela anao Aho; nefa ianao manameloka azy." Oh, izany no nanova an'ilay sary, ho ahy.

182 Izaho—nivoaka avy tao amin'izany aho. Nandroso teo aho ary nipetraka teo akaikiny, ka nanomboka niresaka. Ary nanana fiainan-tsarotra iray izy teo anoloany taloha. Hoy aho hoe, "Tsy mbola Kristiana iray mihitsy ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Notezaina tao amin'ny tokantrano Kristiana iray aho."

Dia hoy aho hoe, "Inona no nitranga?"

183 Niteny tamiko mikasika ny tsy nety tamin'ny vadiny izy, ary ahoana ireo ankizy, sy ny sisa. Hoy aho hoe, "Ny rehetra, nandritr'ireo taona rehetra ireo, dia tsy mbola niaina am-piadanana mihitsy ve ianao hatramin'ny nihaonanao tamin'Andriamanitra?"

Hoy izy hoe, "Tompoko, izany no fahamarinana."

Hoy aho hoe, "Tsy handray Azy ve ianao izao ankehitriny izao?"

Hoy izy hoe, "Handray ahy ve Izy?"

Hoy aho hoe, "Mandondòna eo amin'ny fonao Izy ankehitriny."

184 Ary teo amin'io tranoeva io, teo ambonin'ilay gorodona, dia nandohalika teo anatrehan'io fanatrehan'olona io; nijanona ireo milina fahazoam-bola, nijanona ny ompa ratsy, ary ny zavatra hafa rehetra. Dia natsangako ny tànako, ary ny tànako. . . ary ireo tànana mikentrona mampalahelo, ka nitarika azy teo amin'i Jesosy Kristy. Marina izany. Izany ilay izy, ry sakaiza. Aza mijery. . . Jesosy. . .

185 Tsy ahoako izay nataonareo, mainty toy ny ahoana ireo fahotanareo, maloto toy ny ahoana ny fiainanareo; mitsangana

Andriamanitra, izao hariva izao, mandondòna eo amin'ny varavaran'ny fonareo, mba hamela anareo, tsy mampaninona na iza ianareo.

186 Ndao isika hanondrika ny lohantsika iray minitra. Ranabavy, tongava eto amin'ilay orga eto, sitrakao ve?

187 Ray any An-danitra, oh, mivavaka aho mba Hanekenao izao ankehitriny izao . . . raha mbola mihetsika ato amin'ny tranobe ny Fanahy Masina. Avelao aloha izahay hikatsaka ny Fanjakana, hahita fitia Aminao, amin'izay fotoana izay dia mino aho fa hanasitrana ny marary Ianao. Fa izao ankehitriny izao, Ray, raha mbola mahatsapa fa misy fahalinana lehibe, lalina ary faharesen-dahatra iray, mahafantatra ny olona fa ao amin'ny fifindrana Ny Fiangonanao, ary mandeha mankany amin'ny Fitsarana izahay. Tsy mahafantatra fa, amin'ny maraina, dia mety misy olona iray ho tonga eo amin'ny sisim-pandriana, ary handry eo izahay, lasa. Ity fotoana ity, rahampitso hariva, dia mety any amin'ny tranom-paty iray any ho any, ary ny fanahinay any ankoatra ao amin'ny Mandrakizay.

188 O Andriamanitra, ity no mety ho ilay ora farany! Ity no mety ho anjara farany izay ho raisin'io olona io. Maro, tsy isalasalana, no mipetraka eto, lehilahy sy vehivavy, izay naniry, izay niaina fiainana tsara ara-dalàna iray fotsiny, saingy tsy mbola nateraka indray mihitsy, tsy mahafantatra hoe inona no dikan'ny feno ny Fanahy Masina, fiainana iray nafoy manontolo; miaraka amin'ireo rojo rehetra, henatra, nesorina tamin'izy ireo, ka ny Fanahin'Andriamanitra no manao batisa azy ireo ao amin'ny Famindrampony.

189 Ray, Malala, Ianao ve tsy, izao hariva izao, amin'ny Anaran'Ny Zanakao malalanao, Jesosy, handeha hankao amin'ny fo tsirairay ka hiresaka izao ankehitriny izao? Ary enga anie izy ireo, ao amin'ny fahatsoran'ny fony, hanandratra ny eritreriny hankany Aminao, hanandratra ny fony ka hanao hoe, "Inty aho, Jesosy. Raiso aho ankehitriny, arak'izay maha-izy ahy fotsiny, ka lasiro aho ary ataovy zavatra iray hafa. Ataovy ho karazan'ilay olona izay Tianao haha-izy ahy aho. Mandritry ny fiainako rehetra, dia efa niresaka tamiko Ianao. Efa niteny tamiko Ianao. Efa niezaka Ianao ny nandresy lahatra ahy hanao hafa. Efa niezaka Ianao ny hanao ahy hanao an'io fahafoizana io. Fa ankehitriny dia efa lasa lavitra ny andro, Tompo, ho ahy, saingy vonona ny ho tonga aho ankehitriny." Ekeo izany, Ray. Raha mbola miantso ny famindrampo, alohan'ny Fitsarana; ny fifindran'ilay Fiangonana, dia miala an'i Egypta; dia enga anie izy ireo ho avy, handeha hiaraka foana amin'ilay vondrona lehibe, ilay nantsoina-hivoaka. Mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay.

190 Ary raha mbola manondrika ny lohantsika isika, sy ny masontsika mikimpy, ka mivavaka ireo Kristiana. Manontany

aho raha hanangana fotsiny ny tànanareo ianareo, hanao hoe, "Rahalahy Branham, tsarovy aho. Izaho—mino aho fa ny teny tsirairay izay nolazainao dia ny Fahamarinana mikasika an'i Jesosy Kristy. Ary izahay rehetra dia mila ny ho fenoina ny Fanahy, fa, izaho dia tsy feno, tsy mbola. Efa mambrampiangonana iray aho." Na, angamba ianareo tsy mbola izany, mihitsy. Efa mpanota iray angamba ianareo, tsy mbola nanaiky an'i Kristy mihitsy. Na, efa mambran'ny fiangonana iray angamba ianareo, fa tsy mbola nateraka indray. Hanangana ny tànanareo ve ianareo, hanao hoe, "Tsarovy aho, Rahalahy Branham, ao amin'ny vavakao. Te-hahitsy aho."

191 Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao, sy ianao, sy ianao, ianao, ianao; ary ianao, ry rahalahiko; ary ianao, ranabavy; ary ianao, rahalahy; ianao, ianao, ianao, rahalahy, ranabavy. Hitako.

192 Oh, eto amin'ny ankaviako, firy no eto? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Tsarovy aho, Rahalahy Branham, teho hateraka aho."

193 Ankehitriny, tsarovy, ny Fanahy Masina no miresaka aminareo. Raha mpanompon'Andriamanitra aho, dia fantatro, azo antoka tahaka ny itsanganako eto amin'ity lampihazo ity, fa miresaka amin'ireo fo eto ny Fanahy Masina. Ry sakaiza, mety ho hafahafa aho aminareo, saingy tsy fanatika iray aho. Tena fantatro izay resahako; raha fantatro hoe inona ny olanareo eo, sy inona ny aretinareo, ary mandre ny fivavako ho anareo Andriamanitra. Ary ato amin'ity tranobe ity mihitsy no mipetraka ireo olona izay efa sitrana, tamin'ny homamiadana, sy fahajambana, sy marenina, sy kilemaina, ary ny zavatra hafa rehetra. Jereo ireo fivoriana nanerana an'izao tontolo izao. Ahoana ny aminareo ankehitriny? Ahoana ny amin'izany ankehitriny? Raha handre ny fivavako ho an'izany Izy, dia tsy handre ny fivavako ho an'ny toeranareo mikasika ny fanahinareo ve Izy? Raha hanambara amiko Izy hoe aiza no misy ny olanareo, dia tsy hanambara amiko ve Izy ankehitriny hoe aiza no misy ny olanareo, ihany koa?

194 Firy no hanangana ny tànanareo, hanao hoe, "Rahalahy Branham, tsarovy aho. Tiako, amin'ity fotoana ity, ny hangataka amin'Andriamanitra mba hamindra fo amiko"? Andriamanitra hitahy anao, sy ianao, sy ianao, ianao, indray. Oh, oadray, manerana ny tranobe rehetra mihitsy, hatraiza hatraiza!

195 Raha mbola manondrika ny lohanareo ianareo. Manontany aho raha ianareo, izay nanangana ny tànanareo, mba hananana fotsiny fahasoavana amboniny kely fotsiny, hanao hoe, "Tompo, nanana fahasoavana betsaka nanangana ny tànako aho, omeo fahasoavana betsaka aho hitsangana raha mbola mivavaka izy. Raha ho tonga ho ahy Izy, alohan'ny fiposahan'ny andro, Tompo, dia izao no famantarako ho Anao, hoe te-hahitsy aho. Te-

hihaona Aminao aho indray andro any. Ho tonga eo amin'izay voaomana ho ahy io fanaintainana io ka hanery ondana iray eo am-pahafatesana aho. Hiala eo amin'ny sisim-pandriako ilay dokotera; tsy misy na inona na inona azo atao. Amin'izay fotoana izay, Andriamanitra, mamindrà fo amin'ny fanahiko. Raha mbola mitsingevana ao amin'ny efitra ireo zavom-pahafatesana mangatsiaka, dia enga anie ho tonga ilay sambon'i Ziona, hitondra ahy. Hitsangana aho, Tompo. Mila fahasoavana betsaka izany, saingy misy Zavatra manetsika ahy. Mitsangana aho." Andriamanitra hitahy anao, rahalahy.

196 Hisy olona hafa iray hitsangana, hanao hoe, "Mitsangana aho, Tompo." Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy, ranabavy. Mijanòna mitsangana fotsiny. Ny olona rehetra izay te-ho tsarovana ao amin'ity vavaka ity, ho an'ny famonjena ny fanahinareo, hitsangana ve ianareo. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao, ry lehilahy tanora. Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, ranabaviko. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy; ianao, rahalahy.

197 Misy olona hafa iray mitsangana ankehitriny ka manao hoe, "Inty aho. Rahalahy Branham, tsy mitsangana eo anatrehanao aho. Mitsangana eo anatrehan'Andriamanitra aho. Nisy Zavatra niteny tamiko mba hitsangana, ka mitsangana aho." Hanao an'izany ve ianareo? Mitsangàna fotsiny. Raiso tahaka an'izao fotsiny Andriamanitra. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa.

198 Mbola misy betsaka. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Marina izany. Reny mahantra iray mihazona ny zanany kely, miezaka ny mitsangana, ranomaso no eo amin'ny masony. Tsy ho avy ve ianareo? Mitsangàna indray. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa, ramatoa antitra izay nitsangana teo, ary tena antitra, mahafantatra fa tsy maintsy hiatrika an'Andriamanitra izy, indray andro any. Andriamanitra hitahy anao. Iza no hitsangana manaraka ankehitriny, hanao hoe, "Hitsangana aho"?

Mijanòna mitsangana fotsiny ho an'ny vavaka.

199 Olona hafa iray? Mahatsapa fotsiny aho toy ny hoe misy olon-kafa iray te-hitsangana. Angamba te-hanakaiky kely kokoa ianao. Aza ahemotra intsony izany. Mitsangàna fotsiny. Hataonao ve izany? Ianareo ireo izay te-ho akaiky kokoa an'Andriamanitra. Andriamanitra hitahy anao. Marina izany. Misy olona iray ve . . . Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Eny, tompoko.

200 Mbola misy olona telo farafahakeliny, mijery mahitsy mihitsy aho, izay tokony hitsangana, satria mitsangana eo ilay Anjelin'Andriamanitra. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Marina izany. Ankehitriny, eny àry, rahalahy, ahoana ny amin'izany? Eny àry. Ary, mitsangana ny Anjelin'ny Tompo,

fantatro. Hitako Izy, ary fantatro fa tokony hitsangana ny olona iray izao ankehitriny izao. Mbola hiandry iray minitra fotsiny aho. Enga anie Andriamanitra . . . Fantatrareo fa manery ao amin'ny fonareo Izy. Mitsangana eo Izy, ry sakaizako. Izy no miteny aminareo mba hitsangana. Tsy hanao an'izany ve ianareo? Mitsangàna fotsiny ka maneke Azy, izao ankehitriny izao. Eny àry.

201 Mahazo antoka ve ianareo ankehitriny? Raha niantso anareo Andriamanitra izao hariva izao, tato amin'ity fivoriana ity; ity toriteny ity, ity fanasana ity, dia hihaona aminareo any ankoatra any rehefa maty ianareo. Inona no nataonareo mikasika an'izany? Raha tsy pozitifa ianareo, mahazo antoka, dia mitsangàna ankehitriny, mba Hahitany fa te-hanaiky ianareo, handeha ao amin'ny Hazavana.

202 Ankehitriny, ry Rainay any An-danitra tsara fanahy, ireto ireo Zanakao malalanao, nanalefaka ny fony, nilatsaka tao am-pony ny Teny izao hariva izao. "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ary ny fandrenesana ny Teny." Ary afaka nandre Ianao. Ary Ianao no nanalefaka ny fon'izy ireo, maro no mitsangana, lehilahy sy vehivavy, zazalahy sy zazavavy, miaiky Anao ho Mpamonjy sy Mpitarika azy ireo manokana.

203 Ary enga anie ilay Anjelin'Andriamanitra, Izay eto ankehitriny izao hariva izao, enga anie Izy hitari-dàlana azy ireo mandritry ny fiainana. Enga anie izy ireo ho voatari-dàlana mankany Kalvary izao ankehitriny izao, ao am-pon'izy ireo, ka hanaiky an'i Jesosy ho Mpamonjin'izy ireo. Ary enga anie ny Fanahy Masina, amin'ny alàlan'ny Ràn'i Kristy, hidina ao amin'ny fanahin'izy ireo, ka hanaisotra ny tsi-firaikàna rehetra hiala, ary hameno azy ireo ny batisan'ny Fanahy Masina. Enga anie ity no ho hariva lehibe indrindra an'ny fiainan'izy ireo. Fantatray fa izany ilay izy, satria mandray Anao izy ireo izao hariva izao. Ekeo izany, Tompo, izao ankehitriny izao. Ary enga anie izy ireo handeha hody avy eto, izao hariva izao, sambatra sy mifaly, midera an'Andriamanitra, amin'ny fony rehetra. Mangataka an'izany fitahiana izany aho amin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

Ankehitriny dia enga anie ny Tompo hitahy anareo raha mipetraka ianareo.

204 Mamelà ahy hanontany anareo ankehitriny. Ny tsirairay avy aminareo izay nitsangana, ary fantatrareo fa nisy zavatra nitranga taminareo raha teo am-pitsanganana ianareo, dia atsangano ny tànanareo. Atsangano fotsiny ny tànanareo, raha fantatrareo fa nisy zavatra nitranga. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Marina izany. Tokony ho izany ilay izy, ry sakaiza. Tokony ho izany ilay izy. Nitsangana aho, nahita teto izao ankehitriny izao, an'ilay Anjely iray ihany izay noresahako, nandeha nanerana an'ity tranobe eto

ity mihitsy; ilay Anjelin'ny Tompo iray ihany, ilay Andry Afo. Nitory teny aho tamin'ny dimy na folo minitra farany, teo ambanin'izany tsindrimandry izany. Tsapako Izany, nahita an'Izany nandeha nanerana an'ity tranobe ity fotsiny aho. Ankehitriny, mety mihevitra ianareo fa manao tantara aminareo aho, saingy izany no Fahamarinana.

205 Ankehitriny, tsy mihevitra aho fa hiantso laharam-bavaka iray akory aza aho. Heveriko fa hitsangana eto mihitsy aho ary hangataka amin'Andriamanitra fotsiny hanamarina fa niteny taminareo ny Fahamarinana aho, marina izany, amin'ny famantarana, fahagagana.

206 Firy ato no te-ho sitrana, ireo olona marary? Atsangano ny tànanareo, na aiza na aiza no misy anareo. Atsangano fotsiny ny tànanareo, manaova hoe, "Manaiky an'izany aho." Eny àry.

207 Tiako ianareo hijery, ho velona, ary hino. Olona iray ato amin'ity mpanatrika ity, avy *eto,* olona iray avy eo, jereo fotsiny, ary nanao hoe, "Tompo Jesosy . . . "

208 Jereo ity. Mino aho, fa ny antony nanaovako an'ilay antso eny amin'ny alitara voalohany, dia tsy maintsy hahita fitia Aminy isika. Zavatra iray vaovao amiko ity. Nahita fitia Taminy aho, aloha. Noho izany raha nahita fitia aho, ka nanao asa iray . . . Ary ianareo, fanahy roa ambin'ny folo, na roa, no nanatona Azy tamin'io fotoana io mihitsy. Azo antoka mihitsy, azo antoka mihitsy . . .

209 Ankehitriny ianareo, ny tsirairay avy aminareo olona izay nanatona an'i Kristy, arak'izany, dia mitadiava fiangonana tsara iray feno ny Fanahy Masina ka mandehana mankany amin'izany. Ary tadiavo any ny Batisany mandra-pahitanareo an'Izany; mandehana fotsiny, isan'alina, isan'andro, manohiza mivavaka fotsiny. Ary rehefa mitady ianareo . . .

210 Ankehitriny, ianareo olona izay marary. Raha niteny taminareo ny Fahamarinana aho, dia Andriamanitra no hanambara fa izany no Fahamarinana. Marina izany. Afaka hanao an'izany fotsiny ihany. Ary Andriamanitra no hampahafantatra an'izany, raha hivavaka fotsiny ianareo ka hino amin'ny fonareo rehetra. Jereo fotsiny, ary lazao izao . . .

211 Rehefa nihaona tamiko ilay Anjelin'ny Tompo tany Green's Mill, Indiana, valo taona lasa izay; hatramin'ny naha-ankizy, dia nanaraka ahy, naneho fahitana. Rehefa nanatona Azy aho, dia hoy Izy hoe, "Raha ho tso-po ianao, hanao an'ireo olona hino anao, dia tsy hisy na inona na inona hahatsangana eo anoloan'ny vavaka."

212 Ankehitriny, afaka manao an'ilay zavatra iray ihany Izy ankehitriny izay Vitany tamin'izany. Nitsangana tamin'ny maty Izy. Ary Izy . . . eo ilay mpanatrika any ivelany eo Anatrehany. Fantany hoe inona no eo amin'ny tsirairay avy aminareo, inona

no nataonareo, inona ny olanareo, ny zavatra rehetra mikasika an'izany. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Noho izany dia minoa an'izany amin'ny fonareo rehetra.

213 Mahamarika lehilahy tanora iray aho mipetraka eto, mino, miezaka ny, manana finoana. Mino ve ianao fa hamela ahy hahafantatra izay tsy mety aminao Andriamanitra? Mino ve ianao? Raha hanao Izy, dia hanaiky ny fahasitrananao ve ianao? Tratry ny aretim-po ianao. Tsy marina ve izany? Ahoana moa raha niteny taminao aho fa efa salama ny amin'izany ianao? Hino an'izany ve ianao? Mitsangàna iray minitra fotsiny. Manana fo iray mikorontana ianao, ary fo iray mingonongonona. Nanelingelina anao izany nandritry ny fotoana vitsy. Ny fotoana tokana, rehefa ianao mandry, ihany koa, dia manempotra anao ilay izy, ary tratry ny fidobodoboka betsaka miverimberina ianao, mipelipelika. Marina ve izany? Satria, izany dia niteraka tsy fahalevonan-kanina avy ao amin'ny vavoninao, niakatra tamin'ny alàlan'ireo làlan-drà. Tsy marina ve izany? Tsy ho voaelingelin'izany intsony ianao. Hazòny fotsiny izay anananao izao ankehitriny izao; afaka mandeha mody ianao ary aoka ho salama.

214 Tsy mamaky ny sainao aho. Vahiny tanteraka aminao aho. Lehilahy iray mipetraka eo fotsiny ianao. Marina ve izany? Tsy mbola nahita anao mihitsy aho teo amin'ny fiainako, ary tsy nahafantatra na inona na inona mikasika anao mihitsy. Marina ve izany? Minoa fa eto ny Tompo!

215 Am-pahatsorana, ry lehilahy tanora, te-hanontany zavatra iray aminao aho, ka jereo raha fahamarinana izany na tsia. Fotoana vitsy lasa fotsiny izay, tampoka teo, dia nisy zavatra hafahafa tonga teo amboninao rehefa nanomboka niresaka aho mikasika ny hoe "niala tamin'ilay mpanindrona ilay fanindronana." Tsy marina ve izany? Tsy fahatsapana hafahafa iray izay nanananao ve izany, nipetraka teo? Tsy marina ve izany? Ary tsy nijery ahy ve ianao tamin'io fotoana iray ihany io, ka takatry ny masoko ianao tamin'ilay fotoana iray ihany? Tamin'izany ianao no sitrana, tamin'ny aretim-po, teo mihitsy. Amena. Marina tokoa izany. Eto Izy.

216 Tsy mamaky ny sainareo aho, ry sakaiza. Miteny ny Fahamarinana fotsiny aho, ary Andriamanitra no manamarina an'izany ho ny Fahamarinana.

217 Inona no heverinao mikasika an'izany, mipetraka eo akaikiny eo? Mino ve ianao? Mino ahy ho mpaminanin'Andriamanitra ve ianao? Mino ve ianao fa raha Andriamanitra . . . Ianao izay mipetraka eo aloha, eto amin'ny seza aloha eto, izany no antony iresahako betsaka aminao, ny Fanahy eo aoriana eo, manodidina ahy. Saingy mino ve ianao, fa raha afaka mifandray amin'ny fanahinao aho, dia hanambara

an'izay tsy mety Andriamanitra? Hanaiky ny fahasitrananao ve ianao? Diabetika ianao. Marina ve izany? Atsangano ny tànanao raha izany no fahamarinana. Mitsangàna. Manaiky ny fahasitrananao ve ianao ankehitriny? Enga anie Jesosy Kristy Tompo hanao anao ho salama tanteraka. Andriamanitra hitahy anao.

218 Manàna finoana. Misy olona iray *ato* mino. Manàna finoana, amin'ny fonao rehetra.

219 Mahita lehilahy tanora iray aho mipetraka eo manao palitao sy pataloha manga. Io Izy mitsangana eo amboniny mihitsy. Tratry ny aretin-koditra ianao, sa tsy izany, ry lehilahy tanora? Tsy marina ve izany? Mitsangàna. Oh, hitako, miaraka amin'io delegasiona io ianao. Marina ve izany? Eny, te-handeha hody salama ve ianao? Atsangano ny tànanao ka manaova hoe, "Tompo Jesosy, mino aho ankehitriny fa ilay Anjelin'ny Tompo no mitarika. Ary mino aho fa sitrana aho."

220 Inona no heverinao mikasika an'izany, ilay lehilahy eo akaikiny eo, ianao ve mino, ihany koa? Mitsangàna iray minitra, mba ahafahako mijery anao. Mino ahy ho mpanompon'Andriamanitra ve ianao; amin'ny fonao rehetra? Te-ho afaka amin'io aretim-po io ianao? Izany no nanananao, sa tsy izany? Izany no "*nanananao*," hoy aho. Tsy manana azy ianao ankehitriny. Ianao dia afaka mody, ihany koa.

221 Ilay lehilahy eo akaikiny, inona no heverinao mikasika an'izany, tompoko? Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Mino ahy ho mpaminanin'Andriamanitra ve ianao? Mitsangàna. Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao ankehitriny? Tratry ny fikorontanan-tsaina ianao. Tsy marina ve izany? Hitanao? Marina ve izany? Atsangano ny tànanao. Afaka mandeha mody salama ianao. Jesosy Kristy no manao anao ho salama.

222 Ahoana ny amin'ilay lehilahy manaraka, mitsangana, eo amin'ilay laharana, mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Mitsangàna. Mino ahy ho mpaminanin'Andriamanitra ve ianao, ho Mpanompony? Mino ve ianao fa hiteny amiko an'izay tsy mety aminao Izy, mba hanekenao ny fahasitrananao? Ao amin'ny tendanao ilay izy. Marina ve izany? Mandehana mody ary aoka ho salama, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

223 Olon-kafa iray ato amin'ity tranobe ity, izay te-ho lasa salama, dia afaka mitsangana ka ho lasa salama. Raha efa nino ahy ianareo, ho mpanompon'Andriamanitra, dia mitsangàna. Andriamanitra hitahy anareo. Aretim-behivavy, homamiadana, lasa izany. Isaorana anie Andriamanitra! Ny tsirairay avy aminareo, atsangano mankany amin'Andriamanitra ny tànanareo.

224 Ry Rainay any An-danitra, manameloka ny aretina rehetra ato amin'ity tranobe ity aho, mandroaka ny fanahy ratsy rehetra,

ka enga anie ny Fanahy Masina no hifehy ankehitriny ka hanao ny olona tsirairay ho salama.

225 Apetraho eo amin'ny anankiray hafa ny tànanareo, ka manaova hoe, "Deraina ny Tompo," hatraiza hatraiza. Ary mifalia ka aoka ho sambatra, satria eto Jesosy Kristy, ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra, hanao anareo ho salama, ny tsirairay avy.

Ny Fanavotana Amin'Ny Alàlan'Ny Hery MAG54-0329
(Redemption By Power)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alatsinainy hariva, 29 Martsa, 1954, tao amin'ny the Church Of The Open Door ao Louisville, Kentucky, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2023 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org